Avelao Izahay

Hahita An'Andriamanitra

Mahazoa toerana. Miala tsiny aho nanao an'izany, Rahalahy Borders, fa nisy toe-javatra hamehana iray mihitsy tao ivelany tao, izay an-dàlam-pahafatesana niaraka tamin'ny homamiadana, ary tsy maintsy nisahana an'izany mihitsy aho. Izao fotsiny . . . Fantatro fa hamela ahy ny amin'izany ianareo. Noho izany, mety tsara ilay izy. Halako ny tara. Niandry vetivety fotsiny aho, ary nihaona tamin'ny sakaiza sasantsasany, ary avy eo dia niditra aho ho an'io toe-javatra izay vao nentina io, tena, tena ratsy, noho izany dia tsy maintsy nisahana an'izany haingana mihitsy aho.

2 Tsy fantatro fotsiny hoe ahoana no hanombohana, izao tolakandro izao. Nieritreritra aho teny an-dàlana ho eto hoe, "Inona no azoko ho lazaina amin'ny fa—fanatrehan'olona tahaka an'ity?" Ity dia fivoriana niavaka indrindra ho ahy. Ary tsy milaza an'izany aho satria fotsiny hoe eto anatrehanareo. Milaza an'izany aho satria avy amin'ny foko izany. Ary tiako ny tsirairay avy amin'ireto mpitoriteny ireto mba hahafantatra fa mandray an'ity ho anankiray amin'ireo fivoriana lehibe indrindra izay hany nananako aho. Marina izany. Nohon'ny fiaraha-miasanareo tsara no mampiavaka azy. Efa nahita fotoana maro aho izay nisy . . . Efa nanana maro aho tao amin'ny mpanatrika, fanatrehana lehibe kokoa, saingy tsy mbola nahita fivoriana iray mihitsy aho izay hany nananako teo amin'ny fiainako ny amin'ny fiombonana mamy kokoa noho izay nananako teo anivonareo rahalahy. Andriamanitra hitahy anareo. Matoky aho fa hitombo sy hihitatra ny fiangonanareo mandra-paha-tsy hisy farany an'izany. Mivavaka aho mba hihazonan'Andriamanitra anareo ao amin'ny asam-panompoana mandra-Pihaviny. Izany no fivavako mahitsy fo ho anareo. Ary izaho—izaho dia efa tao amin'ny fotoana izay efa nananako mpitoriteny maro tao amin'ny fiaraha-miasa, toy ny tany Afrika indraindray, Inde, tahaka an'izany, izay nanananay an-jatony maro teo amin'ny komity iray. Fa tsy mbola nisy fotoana iray mihitsy izay, toy ny hoe, taoriako, iray fo sy iray saina. Tena mahafinaritra marina tokoa izany. Mankasitraka an'izao aho, ry rahalahy. Ary izaho marina tokoa, ny zavatra rehetra izay hany azoko hatao ho anareo, dia tsarovy fotsiny fa rahalahinareo aho. Tsy ho lasa tena maizina loatra ireo alina, tsy hilatsaka mafy loatra ny ranonorana, hitanareo, hanao ny zavatra rehetra izay azoko atao aho hanampiana anareo hampandroso kokoa an'ity Filazantsara lehibe ity na hanao zavatra ho anareo. Homba

anareo hatrany anie Andriamanitra!

3 Tiako koa ny hilaza, ho an'ny rahalahy keliko eto, Roy Borders, fotoana fohy fotsiny no nahafantarako an-dRahalahy Borders. Naniry foana aho ny hahita olona iray izay hikarakara fivoriana ho ahy. Rahalahy Roy no toa nety tsara tamin'ilay toerana. Tsy mpitoriteny iray izy. Mpandraharaha iray izy. Efa namela azy nikarakara fivoriana roa na telo aho, mba hahitana fotsiny an'izay hataony, ary izao ilay vokatra: iray saina. Ary mazàna raha tonga ny mpitoriteny iray mba hikarakara fivoriana ho anareo, eny, dia misy mpitoriteny iray foana manana zavatra iray hafa, ary manana foto-pampianarana iray izy na—na zavatra iray hafa izay—izay tiany atolotra. Ary mandeha eo anivon'ny andiana mpitoriteny iray izy ka manolotra foto-pampianarana iray, amin'izay fotoana izay—amin'izay fotoana izay dia ao anatin'ny olana ianareo. Hitanareo? Noho izany, dia tsaratsara kokoa ilay izy ho lehilahy iray izay tsy mpitoriteny.

4 Eo amin'izay ihany, rehefa tonga aho, dia nisy olona iray nanontany ahy, nanao hoe, "Rahalahy Branham, Jesosy Irery ve ianao, mikambana amin'ny Jesosy Irery ve ianao?"

5 Hoy aho hoe, "Tsia tokoa."

6 Dia hoy izy, "Nisy olona iray nilaza fa tsy mino ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ianao."

7 Hoy aho hoe, "Tsy mahafantatra ahy tsara mihitsy izy ireo, izay ihany. Izany tokoa, mino aho."

8 Ankehitriny, ary Rahalahy Borders dia lehilahy Kristiana iray mihaja tokoa, nahavita asa iray tena tsara. Ary misaotra an-dRahalahy Borders tokoa aho nohon'ny nanasany ahy. Efa nanana alahelo betsaka izy, olana betsaka, saingy izy dia—nahavita asa tsara iray izy. Andriamanitra hitahy anao Rahalahy Borders, izany no fivavako tso-po.

9 Rahalahy Wagner, heveriko fa izy dia karazan'ny filoha iray, mino aho. Izy no anankiray izay efa nihaonako foana, an'ilay komity. Asa iray mahafinaritra, tahaka ny efa nataony mihitsy indray mandeha, mahafinaritra. Nanasa ahy ho any an-trano izy hiaraka aminy, hipetraka any an-tranony. Azoko antoka fa tena tiako tokoa ny nanao an'izany, saiky afaka nahatsapa an'izany mihitsy aho. Tsy maintsy nolaviko izany satria nieritreritra aho fa angamba, miaraka amin'ity fiombonana mahafinaritra ity, tiako ny ho tonga any amin'ny tsirairay avy any an-tranonareo, hitanareo, tiako ny hahita ny tsirairay avy aminareo. Ary izaho—nanaja ny fihetseham-ponareo aho, ary azoko antoka fa Rahalahy Wagner dia nahazo mihitsy hoe ahoana ilay izy, hitanareo. Fa izaho. . .raha nandeha tany amin-dry Rahalahy Wagner aho, dia ho tiako ny handeha any amin'ny tsirairay avy aminareo tahaka an'izany. Raha tsy afaka manao an'izany aho, Rahalahy Wagner, indray andro any eny amin'ilay ilany hafa,

eny amin'ilay ilany hafa mihitsy, dia mila arivo taona aho, ny tsirairay, miaraka amin'ny tsirairay avy aminareo. Noho izany dia hanana fotoana iray mahafinaritra fotsiny isika Any!

10 Rahalahy Toy, izy tokoa dia, izy fotsiny dia . . . tsy hitako hoe ahoana no anaovany zavatra maro indray mandeha, saingy afaka mahavita betsaka tokoa izy. Nahita azy aho indray andro tao amin'ny sakafo marainan'ny Business Men, ahoana no nandraisany ampahany iray an'ny mpitory teny, diakona, mpiandraiki-draharaha, ary na inona na inona koa tonga, dia niezaka izy ny nanao an'izany rehetra izany. Tiany ny Tompo. Efa nanana tombontsoa nihaona tamin'ny vadiny aho, ary nahita ny zananivavy maha-te-ho tia sy ny vadiny nihira. Tena voatsindrimandry tokoa ilay izy. Vao avy nilaza taminy aho, fotoana vitsy lasa izay hoe, "Tsy mila mijanona any an-trano izy ireo, miasa an'ireo asa tsotra. Tokony ho any amin'ny saha evanjelistika any ho any izy ireo, miaraka amin'ireo fanomezampahasoavana lehibe tahaka an'izany."

11 Hitanareo, ny tsirairay avy dia manana, manantena aho fa tsy nanadino olona iray. Ilay ramatoa izay mitendry ny piano, ireo mpihira, ireo antoko mpihira, sy ireo rehetra izay niasa, mankasitraka an'izany amin'ny foko rehetra tokoa aho.

12 Ary ireo zazalahy eto, Gene sy Leo, izy ireo dia maniry ny haneho ny fihetseham-pony aminareo, ihany koa, nohon'ny fividianana an'ireo horonam-peo sy boky, sy ilay ampahany izay tsy maintsy nosahanin'izy ireo. Vao avy nihaona tamin'izy ireo teo am-baravarana aho, fotoana vitsy lasa izay, ka niteny tamin'izy ireo fa haneho ny fihetseham-pon'izy ireo aminareo olona aho. Mankasitraka tokoa ny zavatra rehetra izay nataonareo ho fanampiana azy ireo sy ilay hetsika lehibe an'Andriamanitra izy ireo.

13 Ary ankehitriny ity dia avy amin'ny tenako, ny zanakolahy, ny vadiko, ary ny vinantovaviko, sy ny rehetra. Maro, nisy olona iray nilaza hoe, "Iza no Ranabavy Branham?" Izany no zazavavy saro-kenatra indrindra izay hany hitako teo amin'ny fiainako rehetra. Oh, oadray!

14 Rahalahy Art Wilson, azoko antoka fa ianareo rehetra dia mahafantatra azy. Mino aho fa ilay izy dia rahalahy . . . Tsia, ilay izy dia Rahalahy Jewel Rose, indray hariva, no nanao hoe, "Hangataka an-dRanabavy Branham hiakatra eto amin'ny lampihazo isika," ary toy ny hoe ho tratry ny aretim-po izy. Izy fotsiny . . . Tena saro-kenatra izy.

15 Malala, raha tsy ho torana ianao, dia hitsangana iray minitra fotsiny ve ianao, mba ahafahan'ny olona hahita hoe zazavavy malemy fanahy iray toy ny inona no novadiako. Eny àry. [Mitehaka ny fiangonana—Mpand.] Ny vinantovaviko, vadin'i Billy, Loyce, hitsangana ve ianao, Ranabavy, vetivety fotsiny. Io ny vadin'i Billy, [Mitehaka ny fiangonana] ary vinantovaviko.

16 Maro aminareo no efa nandre ny amin'i Joseph. Sa tsy izany? Nandefa akanjo ambony kely misy loko maro ho azy vao haingana ireo vahoaka Afrikana. Efa nahita azy aho enintaona talohan'ny nahatongavany, rehefa nilaza ilay dokotera fa tsy hahazo zazakely iray hafa intsony izahay, tsy afaka hahazo izahay. Ireo zanakay dia tsy maintsy nateraka tamin'ny sezarenina. Ny reniko, ny havan'ny vadiko dia tahaka an'izany, izy ireo, ireo zazakeliny rehetra dia sezarenina. Ary niteny tamiko ny Tompo fa hahazo an'io zazakely io aho, nefa ilay dokotera dia nilaza fa tsy azo atao izany, nilaza fa tsy azo atao fotsiny izany. Hoy aho hoe, "Ho vita izany, na ahoana na ahoana." Dia niandry efa-taona izahay, taorian'ny nahatongavan'ny fahitana iray hoe hahazo zazalahy iray aho, ary izaho dia tsy maintsy "hiantso ny anarany hoe 'Joseph.'"

17 Ary, taorian'izany, dia nisy zazavavy hafa iray teraka. Naneso ahy ny olona rehetra, ka nanao hoe, "Ny tianao nolazaina dia hoe 'Josephine.'"

18 Hoy aho hoe, "Tsia. Ny tiako nolazaina dia 'Joseph,' amin'ny maha-zazalahy iray." Izy angamba no haka ny toerako rehefa lasa aho, raha maharitra Jesosy. Ary efa-taona taty aoriana; tamin'izay fotoana izay dia pozitifa ilay dokotera fa tsy hisy anankiray hafa intsony; efa-taona taty aoriana, dia tonga i Joseph.

19 Manontany aho, mama, raha afaka hanangana azy iray minitra fotsiny ianao. Tiako izy ireo hahita an'izay . . . Io zazalahy io dia efa manana ny fanahin'ny faminaniana eo aminy. Ary izy . . . Mitsangàna kely fotsiny, ry Joseph. Io izy. Eny àry. [Mitehaka ny fiangonana—Mpand.] Tahaka ny reniny izy, sarokenatra.

20 Hoteneniko aminareo izay nitranga. Nivoaka izahay . . . Efa taona izy ankehitriny. Fa fony izy telo taona, dia nivoaka izahay. Dia hoy izy hoe, "Dada?"

Dia hoy aho hoe, "Eny, malala."

21 Hoy izy hoe, "David . . ." Izany dia ilay zazalahy izay kilemaina, ka sitrana, zanakalahin'Atoa. Wood izay mipetraka mifanila-bodirindrina aminay. Hoy izy, "Izaho dia . . . nahita azy tratry ny loza teo ambonin'ny môtô iray." Tsy manana môtô iray akory aza izy. "Ary nandratra ny ranjony izany, rovitra ny akanjony eo amin'ny ilany havanana."

Hoy aho hoe, "Taiza izany, malala?"

22 Hoy izy, "Teo ambanin'ilay làlan-kely izay ipetrahantsika." Ary telo andro taty aoriana, dia tonga ny zazalahy iray avy any Kentucky, nitaingina môtô, ary nandeha teo amin'ilay làlan-kely i David ka naratra ny ilany havanana ary rovitra ny akanjony, tahaka ny nahitan'i Joseph azy mihitsy.

23 Rehefa nanolotra azy ho an'ny Tompo aho, ny maraina, dia nisy zaza kely betsaka nitsangana, ary nanana an'ireo reny niaraka tamin'izy ireo teo amin'ny alitara. Rehefa nandray an'i Joseph teo an-tsandriko aho, tsy nieritreritra izay nolazaiko, hoy aho hoe, "Joseph, ry zanakolahy, mpaminany iray ianao." Izany no fivavako, na ahoana na ahoana, ary mino aho fa ho tanteraka izany, hoe, Andriamanitra no haka ny zavatra rehetra izay hany Nomeny ahy, ary hanampy avo roa heny, ka hametraka an'izany eo amin'io zazalahy io, amin'izay fotoana izay rehefa lasa aho dia izy no haka ny toerako.

24 Billy dia efa namako. Izaho no nitaiza azy; maty ny reniny fony izy vao valo ambin'ny folo volana; ary efa ray sy reny aho, izy roa, ho azy. Fa izy dia toy ny hoe tsy nahazo antso ho mpitory teny iray. Saro-kenatra izy, miahotrahotra, sy ny sisa, tahaka ny reniny manontolo, menamenatra. Saingy efa fanampiana lehibe iray ho ahy izy nandritry ny fivoriana, satria natoky azy aho, nitondra azy eo ary nanome azy asan'andraikitra iray. Hitanareo, io asan'ny karatra fangataham-bavaka io dia asan'andraikitra iray. Naka an'izany ny olona iray ka nilaza . . . Nilaza ny lehilahy iray indray mandeha hoe, "Homeko dimanjato dolara ianao raha hametraka ny vadiko eo amin'ny lampihazo." Ahoana moa raha niseho izany? Amin'izay fotoana izay dia inona no ho nataon'ny Fanahy Masina? Mahafantatra tsara mihitsy i Billy mba hahafantatra ny tsy hanandrana an'izany mihitsy. Fantany fa ho hitako izany vantany vao tonga eo amin'ny lampihazo izy, noho izany, dia ny Tompo no hanambara an'izany. Izany no antony izy—tsy hanaovany an'izany mihitsy, koa noho izany dia mankasitraka anareo tanteraka izahay.

25 Ary avy eo ho an'ilay mpiambina, ilay lehilahy mihaja izay manampy anay eo amin'ny vavahady eo, ary heveriko fa izy no karazan'ny mpiambina iray eto, na tahaka an'izany, na mpiandry eo amin'ny vavahady. Ary ho an'ny olona rehetra izay namela anay hahazo an'ity trano malalaka mahafinaritra ity, afaka milaza fotsiny aho hoe "misaotra" betsaka. Mankasitraka an'izany tokoa aho, ary ny rehetra izay ao amin'ny lafiny rehetra, sy ny zavatra rehetra izay vita.

26 Ankehitriny dia niteny tamiko izy ireo, Rahalahy Borders, vao teo, fa naka fanati-pitiavana iray ho ahy izy ireo. Tena mankasitraka an'izany aho, ary amin'ny foko rehetra. Hampiasaiko izany, amin'ny tsara indrindra amin'ny fahalalako, ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra. Ankehitriny, tsy izay tehirizintsika eto no mikaonty, ilay izy dia izay alefantsika. Ary azoko antoka fa Andriamanitra dia handrotsaka an'izany amin'ny kaontinareo ao amin'ny Fanjakana izay ho avy.

27 Ankehitriny, tsy manana fandaharana iray an'ny radio aho. Tsy manana na inona na inona hamidy aho. Fa raha mba hila ny iray amin'ireny mosara ireny ianareo na zavatra izay

hivavahana, dia manorata amiko any Jeffersonville, Indiana, Boaty Postaly 325. Ho voakarakara izany, manokana, ary haverina aminareo avy hatrany. Ary mino an'izany asampanompoana izany aho. Ary avy eo raha mba maniry ny hiantso ahy ianareo, BUtler 2-1519 no ahazoana ahy any Jeffersonville, Indiana. [Efa niova ny nomeraon'ny telefona.—Mpand.] Noho izany, na raha tsy afaka mieritreritra an'izany ianareo, dia anontanio fotsiny aho any Jeffersonville, dia hiantso izy ireo. Ankehitriny, tsy manao an'izany aho mba ahazoana ny adiresinareo, satria manana fotoan-tsarotra aho hahitana olona iray hamaly taratasy ho ahy, sy ny sisa. Ary ankehitriny izaho tsy tena . . . Mety tsara ilay izy, mino an'ireo fandaharana ireo aho. Ny zavatra rehetra izay hanampy an'Andriamanitra, dia aoka ho tanteraka izany.

28 Fa, fantatrareo, izao no tsapako, hoe ny mambran'ny fiangonana iray, ny adidin'izy ireo voalohany dia, miaraka amin'ny fahafolon-karenany sy ny rakiny, dia ny manohana ny fiangonany. Raha mambran'ireo fiangonana tsara izay voasolotena eto ireo ianareo, dia tohano ny fiangonanareo. Izany no andraikitrareo voalohany amin'Andriamanitra. "Ento ny fahafolon-karenanareo sy ny rakitrareo ho ao an-trano firaketana." Ary ny trano firaketana, azo antoka fa fantatrareo izany, ao no andraisanareo ny sakafonareo. Noho izany, ao no andraisanareo ny sakafonareo ara-panahy, ka ny adidinareo dia amin'ny fiangonanareo fa tsy amin'ny evanjelista iray tahaka ahy.

29 Alaina izany any ho any ao amin'ireo fivoriana rehefa manana an'ireo asam-pitoriana tahaka an'izao izahay, izay anokananareo kely mba hanampy hanohanana an'izany, mikarakara ahy izany. Ary misaotra anareo betsaka aho. Ary isan'andro, ireo lamba fangataham-bavaka na inona na inona tahaka an'izany, dia maimaim-poana tanteraka. Tsy misy na inona na inona mihitsy ao amin'izany, izahay tsy . . .

30 Ary ireo bokinay, sy ny sisa, rehefa mivarotra azy ireny izahay, izy ireo dia . . . Tsy maintsy mividy azy ireny isika, mihena efapolo isan-jato amin'izay ividiananay azy ireny, ary avy eo izahay . . . izany dia, eo amin'izany, dia manana simba betsaka ianareo amin'izy ireny, ary manana ny vidin'ny fitaterana ianareo ankoatran'izany, avy eo dia tsy maintsy mitatitra azy ireny eto ianareo ary mivarotra azy ireny avy eo. Nahoana, ianareo dia tsy afaka, ianareo dia tsy afaka mahatafaverina azy ireny akory aza raha tsy maintsy hanao, hitanareo. Fa ataonay fotsiny izany satria izany no mitondra ny Hafatra ho anareo, miezaka ny hanao anareo hanampy, ny tenanareo; ary avy eo dia mitenena amin'ny olon-kafa, ary ampitao amin'izy ireo izany. Ho an'izany ireo zavatra ireo, sa tsy izany? Ny kominisma dia mamoaka an'ireo bokiny sy ny literatiorany, maimaim-poana, satria fitondram-panjakana

lehibe iray izy ireo. Izaho dia olona anankiray fotsiny. Naniry aho ny ho afaka, hanana vola hilazana fotsiny hoe "ny boky rehetra sy ny sisa, dia maimaim-poana," ho nataoko izany. Saingy tsy afaka manao an'izany aho, tsy manana zavatra iray aho hiverenana indray ka hanonta amboniny vitsivitsy, na—na hividy amboniny vitsivitsy.

31 Ny Tompo hitahy anareo. Ary hivavaka ho ahy ianareo, sa tsy izany? Ary rehefa any am-pitan-dranomasina aho, ka ao amin'ireo toerana maizina izay itsanganan'ireo mpampianatra mpamosavy amin'ny lafiny rehetra, miaika anareo amin'ny zavatra rehetra izay lazainareo, sarotra ireo fotoana, mitsoka ireo rivotry ny fanenjehana, dia afaka hametraka anareo eo amin'ilay lisitra ve aho, na ianareo no hametraka ahy eo amin'ny lisitrareo, ka afaka hahatsiaro aho rehefa tsy maintsy hihaona amin'io fiaiken'ireo mpampianatra mpamosavy sy devoly ireo, ary ireo zavatra any amin'ny saha any ireo, afaka hilaza ve aho hoe, "Mivavaka ho ahy i San Jose"? Ianareo ve, hanao an'izany ve ianareo? Atsangano ny tànanareo raha hanao ianareo, manaova hoe, "Hivavaka ho anao aho." Misaotra anareo. Misaotra anareo, ry rahalahiko. Misaotra anareo. Tonga eo anivonareo aho, mba ho rahalahinareo, ary hitondra . . . hanampy mba hitondra ny fiadanana sy Kristy, ny zavatra rehetra izay tsara ho anareo. Mivavaha ho ahy. Raha nanadino olona anankiray aho, dia mamelà ahy, tsy fanahy iniako izany. Fa "fisaorana" lehibe iray avy amin'ny fo, sy ireo fitahian'Andriamanitra ho an'ny tsirairay avy aminareo.

32 Tsy maintsy hiainga ho any an-trano izahay ankehitriny, avy hatrany. Manana eo amin'ny fivoriana telo andro eo aho any ao amin'ny fiangonana keliko, hampianatra azy ireo ny batisan'ny Fanahy Masina, fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, ireo famantarana sy fahagagana tokony hanaraka an'ireo mpino, sy ny sisa; ireo olona izay manodidina, any.

33 Mino ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy rehetra aho. Mino ny Baiboly rehetra aho. Pentekosta hatrany an-tampon-dohako ka hatrany am-paladiako aho, anaty, ivelany, manodidina rehetra, manerana. Pentekotista aho! Eny, tompoko! Hoy izy ireo hoe, "Ianao dia 'Batista,' hoy ianao." Pentekotista Batista aho. Batista iray aho izay nahazo ny Fitahiana Pentekotista. Noho izany aho dia . . . Tiako ny Tompo Jesosy.

34 Ary nitory teny aho . . . Nihaona tamin'ireo sakaiza sasany avy any Arkansas, tao ivelany, ary niresaka mikasika an'i Arkansas izahay. Ary tao amin'ny Little Rock, indray hariva raha . . . Nisy rahalahy Nazareana antitra iray tany izay nitondra tehina, ary nivarotra pensily teny an-dàlambe izy, nandritry ny taona maro. Ary indro izy teny an-dàlambe, ny ampitso, niaraka tamin'ireo tehina antitra ireo, nandeha nandroso-sy-niverina teny an-dàlambe, nanome voninahitra an'Andriamanitra

fotsiny. Tamin'io hariva io izy dia tany. . . Robinson Memorial Auditorium, ianareo olona avy any amin'ny manodidina ny Little Rock dia mahafantatra hoe aiza no misy an'izany. Ary—ary nanangana ny tànany izy, ka nanao hoe, "Iray minitra fotsiny, Rahalahy Branham, te-hanontany zavatra iray aminao aho."

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko, inona ilay izy?"

35 Dia hoy izy hoe, "Fantatrao, rehefa nandre anao nitory teny aho, dia azoko antoka fa Nazareana iray ianao." Satria, izany izy. Hoy izy hoe, "Azoko antoka fa Nazareana iray ianao, satria mitory teny tahaka ny Nazareana iray mihitsy." Dia hoy izy, "Avy eo aho dia nandre anao nilaza fa ianao dia mambra iray, tamin'io fotoana io, an'ny fiangonana Batista." Ary hoy izy, "Ny fiangonanao rehetra, saiky, dia Pentekotista." Hoy izy, "Tsy azoko izany."

36 Hoy aho hoe, "Eny, mora izany. Pentekotista Nazareana Batista aho." Noho izany dia izay ilay izy. Ilay zavatra manontolo dia izao: iray isika, ao amin'i Kristy Jesosy, voafatotr'ireo tadim-Pitiavany.

37 Ndao isika hivavaka ankehitriny alohan'ny hanokafantsika ny Teny, tsy te-hitazona anareo ela loatra izahay ankehitriny ka ho tara amin'ny fivorian'ny fiangonanareo ianareo rahariva. Fa ndao isika hangataka an'Andriamanitra ankehitriny ho tonga ka hitahy antsika, ilay mihoatra, betsaka. Firy no manana fangatahana iray ankehitriny, atsangano ny tànanareo ka manaova hoe, "Tompo Andriamanitra, Tsarovinao fotsiny aho, izaho dia—manana ilaina aho androany"? Homba anareo anie Andriamanitra.

38 Ray any An-danitra, raha mbola manantona Ny Fanatrehanao Masina indray mandeha izahay, izahay dia m-. . . tsia, ary, tsy mahatsapa hanala ny kiraronay fotsiny ihany, fa esorinay koa ny fonay ka apetrakay eo Anoloanao izany, Ray. Misaotra Anao izahay ny amin'izay rehetra Nataonao tao amin'ity asam-pitoriana lehibe ity. Fantatray, Tompo, fa ny fahalehibeazana dia tsy midika hoe isa. Ny fahalehibeazana dia Ny Fanatrehanao. Satria, izao no voasoratra mikasika ny fihavian'ny Mesia, hoe "ny toerana avo rehetra dia haetry, ary ny toerana iva dia hasandratra; hitehaka ny tànany ireo ravina, ary hitsambikina tahaka ny ondrilahy ireo tendrombohitra." Ary ny olona iray dia hihevitra ao amin'ny fiheverany ara-tsaina, ny amin'io fotoana lehibe izay ho avy io, fa ho tonga avy any An-danitra ireo kalesy afo, hitondra ny Mesia. Saingy ahoana no nitrangany? Teo amin'ny mpitory teny antitra toa masiaka iray, nivoaka avy tany an-efitr'i Jodia, tsy niakanjo tahaka ny mpitoriteny iray akory aza; niaraka tamin'ny silaka hoditra iray nirakotra nanodidina azy, ho a—akanjo iray; ny volo nanerana azy, ary ny volombavany nanerana ny tavany; nitory teny, tsy

tao amin'ny fiangonana iray, fa teo amin'ireo moron'i Jordana, niantsoantso hoe, "Mibebaha, fa antomotra ny Fanjakan'ny Lanitra!" Nanerana an'ireo morona namotaka, no tonga ireo dian-tongotry ny Mpandrafitra Galiliana iray, izay niditra tao anaty rano, ka tena nanaiky an'izany Andriamanitra ary nanaja an'izany hany ka Nosokafany ireo Lanitra ary hitan'izy ireo ny Fanahy Masina nidina tahaka ny voromailala iray teo Amboniny. Lehibe izany. Izay antsoin'ny olona hoe "lehibe," matetika dia fahadalana eo Imasonao, Tompo. Fa izay antsoin'ny olona hoe "adala," no lehibe eo Imasonao.

39 Ankehitriny dia faly izahay fa mitranga eto San Jose ny zavatra lehibe iray. Indro ireo mpitoriteny izay mipetraka eto, ny sasany amin'izy ireo dia an'ny Assemblées de Dieu, ny sasany amin'izy ireo dia an'ny Fiangonan'Andriamanitra, Mahaleotena, sy Pentekotista Mitambatra, ary ireo karazany samihafa rehetra. Ary indro aho mitsangana eo anelanelan'izy ireo, tsy an'ny iray amin'ny rafi-pandaminana, fa miezaka mitsangana eo amin'ilay banga, miresaka ho an'ny rehetra. Ary iray izahay, ao Aminao; iray fo, iray saina, iray toerana. Fotoana iray toy ny inona no hanavaozan'ny Fanahy Masina! Ekeo izany, Tompo. Mombà anay Ianao, Tompo. Tahio ny anaram-piangonana tsirairay izay voasolotena eto. Ekeo izany, Ray. Ireto mpitoriteny rehetra ireto, enga anie hitombo sy hambinina ny fiangonan'izy ireo, Tompo. Enga anie ho sitrana ny marary, hahita ny jamba, handre ny marenina, ho voavonjy ny mpanota ka ho feno ny Fanahy Masina. Enga anie hisy fifohazana iray hiseho manerana an'ity faritra eto ity, izay hanozongozona ny Morontsiraka Andrefana manontolo. Ekeo izany, Tompo. Enga anie hiseho eo anivon'ireo rahalahiko izany hafanam-po izany, ka tsy afaka hijanona fotsiny izy ireo; ny anankiray handrehitra an'ilay iray hafa, ka handroso ho firaisana anankiray ny fiangonana tsirairay, hanana fiombonana amin'ny iray hafa, hamaky ny mofo isan-tokantrano, miaraka amin'ny fo tokana. Ekeo izany, Tompo. Iraho io fifohazana izay andrasanay io.

40 Tahio ny fiangonana, raha miandry ny fahasitrananany izy ireo amin'ity tolakandro ity, ary maro ho an'ny famonjeny. Ary ampio aho, O Andriamanitra, raha mamaky avy amin'Ny Teninao masina. Enga anie ny Fanahy Masina handray an'izay Anao, Tompo, ka hitondra an'izany ho ao am-ponay. Ary noho izany dia ampiasao aho, Tompo, mba hanome ampahany iray mahafa-po avy amin'Ny Teninao ho an'ny tsirairay sy ny fo noana rehetra. Henoy aho, mivavaka aho, Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy no angatahako an'izany. Amena.

41 Nisy olona iray vao avy nanome ahy naoty kely iray, ka nanao hoe, "Rahalahy Baxter, avy any Canada, dia mandefa ny fitiavany sy ny fiarahabany ho anareo, ary eto California izy ankehitriny, manao fivoriana iray any Concord." Andriamanitra anie hitahy ny Rahalahintsika Baxter. George Patterson, eto ve

ianao? George Patterson, ato amin'ny fivoriana ve ianao? Raha ato ianao, dia ento ny fitiavako. . . Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Patterson; ento mankany amin-dRahalahy Baxter ny fitiavako, lehilahy iray mahafinaritra. Ary raha any amin'ny manodidina any ny iray aminareo, raha te-handre toriteny torian'ny lehilahy iray izay mahafantatra hoe ahoana no anaovana azy ianareo, dia mandehana mihaino azy, raha any amin'ny manodidina any ianareo; mpitory teny mahafinaritra iray tokoa izy. Efa niaraka izahay nandritry ny taona maro, maro. Tsy maty mihitsy ny fitiavako ho an-dRahalahy Baxter; tsy ho faty mihitsy izany. Manana fiangonana lehibe iray izy any Canada. Tsy afaka niaraka tamiko intsony izy, nohon'ny fangatahan'ny fiangonany.

42 Fantatro hoe inona izany. Na dia ny Tabernacle-ko aza amin'izao andro izao, izay fikambanako. . . Ankehitriny, ireo olona izay mandefa ny fanomezany any amin'io fikambanana io, dia manana nomeraon'ny governemanta iray miverina mankany aminareo, mba hanome anareo tsi-fandoavan-ketra amin'izay rehetra alefanareo mankany amin'io fikambanana io. Izany dia—dia fikambanana iray tsy mampidi-bola, antsoina hoe Branham Tabernacle. Ary fantatro, any, fa manery ahy ireo mpitantandraharaha hoe, "Ndao isika hanorina tabernakla lehibe iray, mijanòna ianao eto fa avelao ny olona hanatona anao." Toa mety tsara izany, saingy tsy izany no sitrapon'Andriamanitra ho ahy. Misy olona sasany izay tsy manam-bola betsaka hanatona ahy, izaho no tsy maintsy mandeha mankany amin'izy ireo. Hitanareo? Noho izany aho—fantatro hoe inona ny hoe manana fanerena apetraka eo aminareo.

43 Ary nanana an'izany napetraka teo aminy i Rahalahy Baxter, noho izany dia tsy maintsy nandao an'ilay asam-pitoriana izy ka niverina nankany amin'ny fiangonany. Ny Tompo anie hitahy ny Rahalahintsika Baxter. Ento any aminy ny fitiavako sy ny famangiako, manokana, ho ahy, raha sitrakao, rahalahy.

44 Ankehitriny dia ndao isika hamadika ao amin'ny Soratra, mandritry ny eo amin'ny roapolo minitra manaraka eo, ho eo amin'ny sasany amin'ny Teny, satria, tsy ho diso mihitsy Izany. Ary ny olona rehetra izay eto, marary, manana zavatra ilaina, dia avelao hiditra ao amin'ny Teny fotsiny ny tenanareo. Saiky hitory aho izao tolakandro izao teo amin'ny Tahaka *Ny Voromahery Manaitra Ny Akaniny*, saingy, hitako, fa efa manana an'izany ireo zazalahy eto ary mivarotra an'izany eo anivon'ny olona, ao amin'ny endrika boky iray. Ary noho izany, satria nafaraka kely ao amin'ny tendako, dia naka lahateny hafa iray aho. Ary heveriko ankehitriny fa nanao ny zavatra rehetra ho voalaza izay natao ho lazaiko aho. Eny àry. Ndao isika hamadika ao amin'ny Jaona, Md. Jaona, ny toko faha-14, ho an'ny famakiantsika ny Soratra. Ary henoy tsara raha mamaky an'ireo andininy valo voalohany an'ny Jaona 14 isika.

Aoka ny fo*nareo tsy halahelo: minoa an'Andriamanitra, minoa ahy koa.*

Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro: raha tsy izany, dia efa niteny taminareo aho. Handeha aho ka *hanamboatra toerana iray ho anareo.*

Ary raha handeha aho ka hanamboatra toerana iray ho anareo, dia hiverina indray aho, ka handray anareo ho any amiko; izay misy ahy, dia hisy anareo koa.

*. . . izay alehako dia fantatra*reo, *ary ny làlana dia fantatra*reo.

Hoy Tomasy taminy, Tompo, tsy fantatray izay *alehanao; ka ahoana no ahafahanay hahafantatra ny làlana?*

Jesosy nanao *taminy hoe, Izaho no làlana, ny fahamarinana, ary ny fiainana: tsy misy olona mankany amin'ny Ray, raha tsy amin'ny alàlako.*

Raha nahafantatra ahy ianareo, *dia ho nahafantatra ny Raiko koa* ianareo*: ary hatramin'izao dia mahafantatra* ahy *ianareo, sady efa nahita* ahy.

Hoy i Filipo taminy, Tompo, asehoy anay ny Ray, dia ampy ho anay izay; amin'ny teny hafa, dia mahafa-po.

45 Ankehitriny dia eo amin'izany no tiako horesahina, izao tolakandro izao. Efa izany foana ny antsoantson'ny fon'olombelona, nandritry ny . . . hatramin'ny nisiantsika olombelona, dia tiantsika ny hahita an'Andriamanitra. Ary tiako ny hitondra eo amin'ny fomba efatra eo, izao tolakandro izao, haneho an'Andriamanitra aminareo. Voalohany dia tiako ny hitondra an'Andriamanitra ao amin'ny Tontolony, Andriamanitra ao amin'Ny Teniny, Andriamanitra ao amin'Ny Zanany, Andriamanitra ao amin'ny Olony. Ary afaka mitondra an'izany amin'ny fomba hafa maro isika. Fa tiako ny hiresaka avy amin'ireo lohahevitra efatra ireo, fomba efatra samihafa izay hodinihantsika, mba hahitana raha afaka mahita an'Andriamanitra isika. Ankehitriny, tsy misy olona iray eto ka tsy ho tia ny hahita Azy. Ho tianareo ve ny hahita an'Andriamanitra? Ho tiako ny hahita Azy. Noho izany raha Izy no Andriamanitra, izay fantatsika fa izany Izy, amin'izay fotoana izay dia nahoana isika no tsy afaka mahita Azy?

46 Nilaza i Joba indray mandeha fa, ilay Boky tranainy indrindra ao amin'ny Baiboly, nilaza zavatra tahaka an'izao hoe, "Raha mba fantatro fotsiny mantsy hoe aiza Izy no mipetraka, dia ho nandeha nandondòna teo amin'ny Varavarany aho. Ary ho tiako ny hiresaka Aminy." Ary nandeha niresaka tamin'Andriamanitra izy. Niteny taminy Andriamanitra mba hisikina tahaka ny lehilahy iray, satria hiresaka aminy Izy. Dia nidina tao anatin'ny tadio iray Izy, ary niresaka tamin'i Joba.

47 Izany dia mampahatsiahy ahy ny . . . tany akaikin'ny toeranay. Mipetraka eo akaikin'ny Renirano Ohio izahay. Ary nisy zazalahy kely iray izay nandeha nankany amin'ny Sekoly Alahady anankiray, Sekoly Alahady Batista iray, tany amin'ny faritray, ary tena nafana fo mihitsy izy. Indray andro rehefa nanontany ny reniny izy hoe, "Raha io Olona lehibe izay antsoina hoe Andriamanitra io, izay andehanantsika any am-piangonana mba hivavahana, raha Olona lehibe iray tahaka an'izany Izy, dia manontany aho raha afaka hamela ahy hahita Azy ianao? Ho tiako ny hahita Azy."

48 "Oh," hoy ilay reny tamin'ny zanany lahy kely, hoy izy hoe, "eny, anaka, tsy maintsy manontany ny mpampianatra Sekoly Alahadinao ianao, tsy afaka manome anao an'izany valiny izany i neny."

49 Noho izany dia niteny tamin'ny mpampianany izy tao amin'ny Sekoly Alahady, ka hoy izy hoe, "Izaho dia tsy afaka manome an'izany, ihany koa, noho izany dia tsaratsara kokoa aminao ny manontany ny pasitera."

50 Ary taorian'ny toriteny, dia nanontany an'ilay pasitera izy ireo. Dia hoy ilay pasitera hoe, "Tsia, anaka." Hoy izy, "Tsy misy olona afaka mahita an'Andriamanitra." Hoy izy, "Andriamanitra dia tahaka ny rivotra fotsiny, ka tsy afaka mahita Azy ianao." Ary, mazava ho azy, tsy nahafa-po an'ilay ankizy kely izany.

51 Ary ninamana tamin'ny lehilahy antitra iray izy taloha teo amin'ny Renirano Ohio. Ary mpanjono antitra hafa kely iray izy, ireo hafotsy teo amin'ny volombavany, ary dimy amby enimpolo, fitopolo taona iray, nitoetra irery, nipetraka tao anaty lakana misy tranobongo kely iray. Ary efa nanjono niaraka taminy aho, ny tenako, ary efa nandeha nanodidina an'ireo nosy izahay taloha ka nanjono, nametraka an'ireo fintana ho an'ny trondro mitsambikina. Noho izany dia niaraka taminy io ankizy kely io indray andro, teo amin'ilay renirano. Ary teny amin'ny làlana niverina, dia tonga ny tafio-drivotra iray ka tsy maintsy nandeha haingana nankeo amin'ny morona izy ireo, mba hamatotra an'ilay lakana kely, satria tena goavana be ireo onja ary nanarona, hany ka hampivadika an'ilay fitaovampitaterana kely izany. Noho izany rehefa nifarana ilay tafio-drivotra, ka nivoaka avy tao ambadik'ireo hazo izy ireo, dia natosik'izy ireo niala teo amin'ny morona ilay lakana kely, ary niditra tao anatin'ilay làlan'ny renirano, izay saiky maily iray miampita ny Renirano Ohio any. Nanomboka nidina teo amin'ny renirano, nanara-driandrano, raha nanosika an'ireo fivoy ilay mpanjono antitra.

52 Ary raha mbola tao ambadik'ilay hazo izy ireo, dia notenenin'ilay mpanjono antitra tamin'ilay zazalahy kely ilay tantara (satria nanontany azy izy) hoe nahoana izy no tsy nanambady, ary tsy nanana olona iray nikarakara azy. Dia hoy

izy hoe, "Oh, anaka, misy Olona iray izay mikarakara ahy. Ary ny antony tsy anambadiako, dia satria any An-danitra ny vadiko, miandry ahy." Dia nanohy an'ilay tantara izy.

53 Ary rehefa tafiditra tao anatin'ilay làlan'ny rano izy, dia nandeha niatsinanana niaraka tamin'ilay lakana kely izy ireo . . . na nandeha niankandrefana, raha ny marina, niaraka tamin'ilay lakana kely, ary ilay mpanjono antitra niatrika . . . nanatrika an'ilay renirano nankany andrefana, ny tolakandro tamin'izany, ary—ary teo am-pilentehana ny masoandro. Ary, taorian'ny orana, dia tonga ny avana iray.

54 Ary, oh, heveriko fa izany no fotoana tsara tarehy indrindra! Rehefa avy nanasa ny loto rehetra niala teo amin'ireo hazo ny orana, ka—ka toa tena tsara tarehy izy ireo, maitso, ao amin'ireo lokony tany am-piandohana. Ary tsara tarehy ireo voninkazo rehetra ka moramora ny rivotra, ary mamoaka ny fofon'ny raozy. Fotoana iray tsara tarehy fotsiny izany, aorian'ny orana.

55 Heveriko fa izany dia somary mampahatsiahy ahy, aorian'ny fifohazana iray, rehefa tonga ny Fanahy Masina ka manasa ny vovoka rehetra hiala, ary—ary manao antsika ho mora fanahy indray eo anatrehan'ny Tompo. Mitsangana fotsiny ao amin'ny Fanatrehan'ny . . . tahaka ahy amin'izao tolakandro izao, mandro fotsiny ao amin'ny Fanatrehan'ny Tompo Jesosy ato. Ny Fanahy Masina no manaisotra ny fisalasalana sy ny tahotra sy ny sisa rehetra hiala amintsika, ka mitsangana miaraka isika, aorian'ny—ny hamenoan'ny ranonorana iray avy any An-danitra ny fanahintsika.

56 Raha nanomboka nanosika ny lakany handroso ilay mpanjono antitra, dia nahamarika ilay zazalahy kely fa nanomboka nikoriana teo amin'ny tavan'ilay mpanjono antitra ireo ranomaso. Ary nitodika ilay ankizy kely mba hahita an'izay nojereny, ka nisy avana iray nanerana ny lanitra. Noho izany ilay zazalahy kely izay nipetraka teo amin'ny vodin-tsambo, dia lasa nafana fo. Noho izany dia nihazona teo amin'ny ilan'ny sisin-tsambo izy, ary nitsangana, ka nihazakazaka nankeny amin'ny vodin-tsambo sy niankohoka teo amin'ny lohalik'ilay mpanjono antitra. Dia hoy izy hoe, "Te-hanontany zavatra iray aminao aho izay na ny reniko na ny mpampianatra Sekoly Alahadiko, na ny pasitera, dia tsy afaka namaly ho ahy."

57 Dia nanajanona ny fivoizany ilay mpanjono antitra, ka nanao hoe, "Inona ilay izy, anaka?"

58 Hoy izy hoe, "Nahamarika anao nijery an'io avana io aho." Hoy izy, "Izy ireo dia miteny amiko fa Andriamanitra no nametraka an'io eny ambony eny."

Hoy izy hoe, "Marina izany, ry zanako."

Hoy izy hoe, "Raha tena lehibe Andriamanitra, dia afaka hahita Azy ve ny olona iray?"

59 Dia namihina an'ilay zazalahy kely teo amin'ny tratrany ilay mpanjono antitra, ka hoy izy hoe, "Ireo fitahiana anie ho eo aminao, ry zanako kely! Mamelà ahy hiteny zavatra aminao. Izay rehetra hitako nandritry ireo dimampolo taona lasa dia efa Andriamanitra."

60 Nisy betsaka an'Andriamanitra tao amin'ilay anaty, hany ka afaka nahita Azy izy teo amin'ilay ivelany. Ankehitriny, izany ihany no fomba tokana hany ahafahanareo mahita an'Andriamanitra, dia ny manana Azy ao anatinareo, mamela Azy hijery amin'ny alàlan'ny masonareo, dia hanambara ny Tenany Izy.

61 Mazava ho azy, Andriamanitra dia ao amin'ny Tontolony. Tsy misy olona izay manana ny sainy tsara afaka hieritreritra ny. . . Mandehana mankany Los Angeles eto, Mount Palomar, any ho any, ka jereo ilay, ireo sary izay nalain'izy ireo. Ary ilay trano fandinihana malaza, izay misy elanelana roapolo amby zato tapitrisa taona hazavana, azonareo jerena. Avadiho ho maily izany, dia jereo hoe aiza no handehananareo. Nahoana, afaka hanao laharan-tsivy manodidina an'ity tanàna ity ianareo, fa mbola tsy afaka hamadika an'izany ho maily foana. Fa any ankoatran'io dia mbola misy an'ireo planeta manodidina ny masoandro foana, any ankoatran'izany! Ary rehefa mijery an'izany ny olona iray, dia zavatra anankiray ihany no azonareo atao, dia ny manangana ny tànanareo ary, "Fa," mihira hoe, "Fa lehibe Ianao! Fa lehibe Ianao!" Ny tsirairay avy dia mihodina tanteraka mihitsy, hany izy ireo ka afaka miteny aminareo ny fahatakonan'ny masoandro sy ny volana, roapolo taona alohan'ny itrangan'izany, amin'ny minitra. Tena voalamin'Andriamanitra tanteraka mihitsy!

62 Ary avy eo raha hanamarika ao amin'ny natiora fotsiny ianareo, ahoana fa hihetsika eo anivon'ny Tontolony Andriamanitra. Ahoana fa mitongilana kely fotsiny ny tany, mba hitondra ny rivotra mafana sy mangatsiaka hiaraka, mba hanao orana izay manondraka ny vokatra. Ahoana fa miaina ao anatin'ny Tontolony Andriamanitra! Mino an'izany ve ianareo? Azo antoka, miaina Izy.

63 Ary fotoana vitsy lasa izay dia niresaka tamin'ny olona iray aho, teo amin'ny lohahevitra ny amin'Andriamanitra. Ary izany dia tany, tany Kentucky. Ary nilaza tamiko izy. . . Tsi-mahatoky iray izy. Nihaza vontsira izaho sy Atoa. Wood, ary nandeha tany izahay mba hanontany raha afaka mihaza eo amin'ny toerany. Dia hoy izy hoe, "Oh, mandrosoa," hoy izy.

64 Hoy Rahalahy Wood hoe, "Ity izaho sy ny—ny pasiterako, te-hihaza."

65 Hoy izy hoe, "Wood, tsy te-hilaza ianao fa lasa tena ambany hany ka tsy maintsy mitondra mpitory teny iray miaraka aminao isan'andro?"

66 Dia hoy izy hoe, "Tsia, ny pasiterako fotsiny ity." Hoy izy, "Tia mihaza izy." Dia nilaza fa izaho . . .

67 Ary efa nilasy nandritry ny teo amin'ny roa herinandro teo aho, niaraka tamin'ny volombava antsasaky ny inch ny halavany; ary—ary naloto arak'izay naha-izy ahy, nohon'ny fatoriana teo amin'ny tany, ny fomba izay nilasianay. Tany ivelany aho, niala sasatra. Ary izany no fomba fialako sasatra, satria nahita an'Andriamanitra tao amin'ny natiora aho. Izany no Baiboliko voalohany, dia Andriamanitra ao amin'ny Natiorany, ao amin'ny Tontolony.

68 Dia hoy izy hoe, "Eny," hoy izy "mety tsara ilay izy heveriko, ny mikambana amin'ireo mpitory teny." Hoy izy hoe, "Saingy, hitanao, manana ny hevitro aho mikasika an'ireo zavatra ireo." Hoy izy hoe, "Tsy mino ny karazana fivavahana rehetra aho." Ary nisy lehilahy hafa iray nipetraka niaraka taminy. Ary—ary nandroso izahay, niresaka mikasika ny fivavahana (niresaka izy ireo) vetivety. Dia nitsangana teo fotsiny aho, nihinana paoma iray izay notsimponiko teo amin'ny tany.

69 Ary izy, io lehilahy antitra io dia natao ho tsi-mahatoky, hoy izy hoe, "Efa nanontany foana aho matetika. Tiako ny hihaona amin'ny mpitory teny anankiray." Dia hoy izy, "Izany dia ilay anankiray izay teto Acton, tamin'izany fotoana izany." Hoy izy hoe, "Fantatrao, ilay anabavy antitra teto teny amin'ny havoana; tsy afaka miantso ny anarany aho izao ankehitriny izao." Hoy izy, "Nitsangana tany amin'ny Toeram-pilasiana Metodista io lehilahy io," notohanan'ny fiangonana Metodista. Hafahafa izany, saingy nitranga ilay izy. Ary nanao asampitorian'ny fanasitranana iray izahay.

70 Ankehitriny, tokony hino an'izany ianareo Metodista. Nino an'izany i John Wesley. Izany tokoa, nino izy. Ary ireo mpanavao voalohany dia nino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra.

71 "Ary," hoy izy hoe, "nitsangana tao amin'ilay fivoriana tamin'io hariva io, niresaka tamin'ny rahavavin'io vehivavy antitra teto io izy. Fa izaho sy ny vadiko ary ny vadiny, izay rehetra azonay natao (lanin'ny homamiadana tanteraka izy, nandao azy ireo dokotera, herinandro maro talohan'izany), sy mba hametraka azy teo ambonin'ny tavimandry iray tamin'io maraina io." Hoy izy, "Tao amin'ny toerana iray tahaka an'izany izy!" Dia hoy izy, "Nanatrika an'io fivoriana io ny rahavaviny. Ary niantso ny anaran'io vehivavy io ilay mpitory teny, ka niteny taminy mba ho tonga, 'hametraka mosara iray eo amin'io vehivavy tratry ny homamiadana io,' ny rahavaviny. Dia nanao izy, tamin'io alina io. Ary ny ampitso maraina, dia nihinana fen-kisoa sy atody izy, ary nahandro tarta paoma voaendy ho sakafo maraina, ka nihinana an'izany." Hoy izy hoe, "Te-hihaona amin'io mpitory teny io aho indray andro." Nitsangana teo fotsiny aho.

Dia hoy aho hoe, "Fantatrao ve ilay mpitory teny?"

72 Hoy izy hoe, "Tsia, tsy fantatro izy." Dia nijery ahy Rahalahy Wood, ka nipi-maso.

73 Ary hoy aho hoe, "Ny tianao tenenina amiko ve dia hoe tsy mino ianao fa misy Andriamanitra iray?"

Hoy izy hoe, "Tsy hino an'izany aho raha tsy afaka mahita an'izany."

Hoy aho hoe, "Firy taona ity hazo paoma ity?"

"Oh," hoy izy, "izaho no namboly azy teo amin'ny efapolo taona lasa teo izay."

74 Hoy aho hoe, "Vao fiandohan'ny Septambra izao, tsy mbola nahazo andro mangatsiaka na inona na inona mihitsy isika. Teneno amiko, tompoko, inona ilay miteny, Fahaizana inona no miteny amin'io hazo io ka manao an'ilay tsiron-kazo hidina ao anatin'ireo faka ary manafina ny tenany mandritry ny ririnina? Araraho eo ambonin'ny vatan-kazo iray ny rano ka jereo raha hanao an'izany izy, na apetraho eo amboniny ny koveta feno rano iray, dia jereo raha hidina izany ary hanafina ny tenany ao amin'ny tany, miala amin'ny andro mangatsiaka. Raha tsy nanao an'izany izy, dia hamono an'ilay hazo eo no ho eo ilay andro mangatsiaka. Fa Fahaizana anankiray no mampidina an'ilay tsiron-kazo ao anatin'ny tany, mivoaka avy ao amin'io hazo io, ary mihazona azy hafana; avy eo amin'ireo ravina, izay milatsaka amin'ny tany, avy eo amin'ilay hazo. Ary amin'ny lohataona manaraka, alohan'ny hanombohan'ny toetr'andro ho tony mihitsy aza, dia indro fa miverina indray ilay tsiron-kazo, mitondra aina vaovao miaraka aminy. Azavao amiko izany. Teneno amiko hoe inona no manao an'izany."

Hoy izy hoe, "Tsy mbola nieritreritra an'izany mihitsy aho tany aloha."

75 Hoy aho hoe, "Izany no Andriamanitra ao amin'ny Tontolony. Andriamanitra no mandamina ny zavatra rehetra ho tsara mihitsy."

Hoy izy hoe, "Iza no anaranao?"

Hoy aho hoe, "Izaho no Rahalahy Branham."

76 Hoy izy hoe, "Izany ilay lehilahy, anarana—anaran'ilay lehilahy izay tany."

Hoy aho hoe, "Marina izany."

77 Hoy izy hoe, "Miaraka amin'ireo volombava, sy rakotry ny ràn'ny vontsira, ianao ve?"

Hoy aho hoe, "Tsy miova mihitsy izany, izaho, izaho ilay olona."

Hoy izy hoe, "Ahoana no nahafantaranao an'io vehivavy io?"

Hoy aho hoe, "Tsy nahafantatra aho."

78 "Ahoana no nahafantaranao fa ho salama izy?" Hoy izy, "Vao avy nandalo teto amin'ny làlana teto izy, izy sy ny vadiny, vao teo, nandeha."

Hoy aho hoe, "Tsy fantatro izany."

Hoy izy, "Ianao ve no nanasitrana azy?"

79 Hoy aho hoe, "Tsia, tompoko. Andriamanitra no naneho an'izany, Andriamanitra no nanasitrana azy, izany no Fahasoavany mahagaga!"

80 Nihinana paoma iray izy, ary nandrapaka kely. Dia nahodiny ny lohany, nanao hoe, "Afaka mandroso ianareo ka mihaza vontsira."

81 Nitodika aho, ka nikoriana nidina tamin'ny takolany ireo ranomaso. Napetrako nanodidina azy ny sandriko, hoy aho hoe, "Rahalahy, mino Azy ianao, sa tsy izany?" Nanetsiketsika ny lohany tahaka an'*izao* izy, ary nitodika ka nandeha nankany amin'ilay tranom-biby. Oh, Andriamanitra dia ao amin'ny Tontolony!

82 Fotoana vitsy lasa izay, nitety ny firenena ny tsi-mahatoky iray, taona maro lasa izay, efapolo, dimampolo, enimpolo taona lasa, naka an'ireo niova fo. Oh, tena fetsy izy niaraka tamin'ireo fahaizany hany ka ireo mpitory teny moderina, amin'ny fiteny ara-pahaizana, dia tsy afaka nahatohitra azy mihitsy. Ary nanao niova fo ho amin'ny tsi-fahatokiana izy. Ary nihasimba ny fahasalamany indray mandeha; nandeha nankany Colorado izy, teo akaikin'ny toeram-piompiana izay nokarakaraiko sy niasako taloha. Ary nanao fakan-drivotra iray tany izy. Ilay lehilahy izay fantatro, sy ny rainy, no nanao an'ireo—ireo làlana iampitana, mba hanangana ny tobiny. Ary indray andro dia nandeha nivoaka izy, ary nijanona. Dia nijery an'ireo vatolampy izy, ka hoy izy hoe, "Avy taiza marina ianareo? Ahoana no nahatongavanareo teo?" Dia nanomboka nitsoka ireo rivotra. Hoy izy hoe, "Efa diso foana ve aho hatramin'izay? Raha misy Andriamanitra iray, dia aoka Izy hiresaka amiko!"

83 Teo, io tsi-mahatoky io izay mpitory teny na olona iray dia tsy afaka—afaka nahatanty azy na nahatohitra azy, raha ny marina, tamin'ireo tenin'ny fahendreny, fa natahotra azy izy ireo. Fa hoy ny Baiboly hoe, "Raha mangina izy ireo, dia ireo vatolampy no hiantsoantso avy hatrany." Manana fomba iray fanaovana zavatra Andriamanitra. Niantsoantso ireo vatolampy! Teo tamin'ny lohaliny, niaraka tamin'ny tarehiny tamin'ny tany, nanolotra ny fanahiny tsi-mahatoky ho an'Andriamanitra izy, ary lasa Kristiana iray malemy fanahy, manetry tena. "Raha mangina izy ireo, dia ny natiora no hiantsoantso."

84 Izaho, mpihaza iray aho. Izaho—tiako ny mihaza, satria tany no nahitako an'Andriamanitra, voalohany, dia tany anaty ala. Rehefa naniry ny hanompo Azy aho tamin'ny voalohany,

dia tsy fantatro hoe ahoana no ivavahana. Ary tsy mbola nandeha tany am-piangonana mihitsy izahay; ny havanay, taloha, dia . . . talohako, dia Katolika. Izy ireo tsy . . . Irlandais, ara-natiora, reny sy ray, izy roa; afa-tsy, ny raibeko dia Indiana. Ary noho izany izy ireo . . . Tsy fantatro hoe ahoana no ivavahana. Ary naniry ny ho voavonjy aho, ka, fantatrareo ve izay nataoko voalohany? Nipetraka aho ary nanoratra taratasy iray ho an'Andriamanitra, ka niteny Taminy fa miala tsiny aho tamin'izay efa vitako. Ary saika handeha tany anaty ala aho, tao amin'ny làlan-kely iray izay nananako fihetseham-po tena hafahafa taloha fony aho nandalo tamin'ireo toerana ireo, ary saika hametaka azy teo amin'ilay hazo aho mba Ahafahany mamaky azy rehefa mandalo Izy. Satria, fantatro fa nipetraka tany anatin'ireo ala tany ho any Izy. Efa nahita zavatra betsaka nitranga aho; fantatro fa nipetraka tany ho any Izy. Dia nieritreritra aho hoe, "Izy, satria tena afaka tamin'ny fahotana, Izy dia ho ao amin'ny toerana iray izay madio, sy izay tsy nisy olona." Izy dia afaka . . . Afaka nahita Azy tsaratsara kokoa aho tany noho ny nahafahako teo anivon'ireo toerana izay misy an'ireo olona nandoto azy. Nianatra aho, ny Baiboliko voalohany dia avy amin'ny natiora.

85 Na, ianareo—alaivo ireny ganagana kely ireny. Avy any Atsimo izy ireo eto, ary mandeha, mankany Canada lavitra any, ary manamboatra ny akaniny any ao anatin'ny fotaka. Dia mametraka ny atodiny izy ireo, ka teraka ireo ganagana kely. Ary, amin'izay fotoana izay, amin'ny lohataona izany. Amin'io taona io, dia mitombo izy ireo, amin'ny fahavaratra manontolo dia voky izy ireo. Ary rehefa tonga ny ririnina, ny fotoana voalohany ahatongavan'ny rivotra mangatsiaka mitsoka manerana an'ireo tendrombohitra, izay misy ny fanala, mitsoka midina manerana ny faritry ny tanety izay misy an'ireo farihy, na ireo havoana iva, ka mitsoka manerana eo io tsio-drivotra mangatsiaka voalohany io, miaraka amin'ny fanala ao anatiny; any ho any ao anatin'io andian-ganagana goavana be eo ambonin'io kamory io, dia misy mpitarika kely iray, ganalahy kely iray. Hihazakazaka avy hatrany eo afovoan'io kamory io izy, hampiakatra an'io vava kely io eny amin'ny rivotra, ka higagaka in-efatra na indimy, dia hanatona azy ny ganagana rehetra eo amin'ilay kamory. Hiainga avy eo izy. Tsy mbola niala teo amin'io kamory io mihitsy izy; teraka teo izy tamin'io lohataona io. Hiainga hiala amin'io kamory io izy ary handeha avy hatrany mihitsy hankany Louisiana arak'izay azony andehanana, hankany amin'ireo tanimbary; tsy misy famantarana avaratra mihitsy. Izy ireo dia miantso an'izany hoe "fahaizana."

86 Nieritreritra aho matetika, raha afaka nanome faharisihana betsaka ho an'ny ganagana iray Andriamanitra, antsoina hoe "fahaizana," mba hitarika azy ho lavitry ny olana, dia inona

no tokony Hataony amin'ny fiangonana iray izay nateraka indray, feno ny Fanahy Masina? Inona no tokony Hataony? Tsy manana famantarana avaratra izy, saingy nateraka ho mpitarika iray! Ireo ganagana dia mahafantatra ny mpitarika azy, fa ny fiangonana tsy mahafantatra. Ny Fanahy Masina no Mpitarika antsika, Izy no Mpampianatra antsika, Izy no hitarika antsika ao amin'ny Fahamarinana, ao amin'ny Fiainana. Ireo ganagana dia mahafantatra ny azy, fa ilay izy dia toy ny hoe tsy manana fahaizana betsaka noho ny ganagana iray isika. Satria, tiany ny manohy mitahiry an'izay nomena azy, fa isika dia miezaka maminavina zavatra hafa. Izany ilay mahay, mivoaka amin'ny tontolon'Andriamanitra lehibe ianareo.

87 Ho teneniko aminareo izay azonareo atao, ny sasany aminareo olona avy any amin'ireo faritra mangatsiaka. Diniho ilay lambovavy antitra miala avy any amin'ny ilany avaratry ny havoana, ary mitondra an'ireo hodin-javatra sy salohy manerana ny ilany atsimon'ilay havoana, ka manao ny lafikany. Ary amin'io hariva io raha mihaino an'ireo vaovao ianareo, ka hilaza ireo vaovao hoe, "Rahampitso, dia ho tsara ny andro," aza miraharaha an'izay lazainy na kely aza. Io lambovavy antitra io dia mahafantatra betsaka kokoa ny toetr'andro noho izay hany ho fantany. Marina tokoa izany. Nandeha nankany amin'ny ilany atsimo izy izay hafana.

88 Raha mandeha mihaza bitro ianareo ka mahita an'ireo bitro ireo mipetraka eo ambanin'ny kirihitr'ala, tahaka an'*izao,* dia manantenà andro mangatsiaka! Ary raha mahita azy ireo miditra ao anatin'ny sahan-katsaka iray ianareo, dia hanorana ny andro.

89 Diniho fotsiny Andriamanitra, mihetsika Izy, oh, mahafinaritra toy ny ahoana Izy! Raha hanokatra ny masonareo fotsiny ianareo, dia afaka mahita Azy manodidina anareo tanteraka. Ao amin'ny Tontolony Izy, hatraiza hatraiza, mihetsika. Diniho Izy ao anatin'ny filentehan'ny masoandro. Diniho Izy ao anatin'ny fiposahan'ny masoandro. Diniho Izy ao anatin'ny avana. Diniho Izy hatraiza hatraiza. Afaka mahita Azy ianareo, tsy lavitra anareo noho ny sandrinareo ankavanana Izy. Ao amin'ny Tontolony Andriamanitra.

90 Taona vitsy lasa izay, nihaza ombimanga aho, tany Colorado izay mazàna ihazako kely. Ary tany ambonin'ireo tendrombohitra tany, tamin'ny fiandohan'ny fararano tamin'izay, ka tsy lasa lalina loatra ny oram-panala mba hivoahan'ny ombimanga avy ao amin'ireo hazo lava, mankao amin'ny lohasaha. Noho izany izaho sy Jeff, ilay tompon'ny toeram-piompiana, izahay dia . . . Efa nanampy azy nikarakara aho tany nandritry ny taona maro, ary mbola manampy azy ireo foana amin'ireo famoriana. Ary nitaingin-tsoavaly izahay, mba hihaza, ary efa tafasaraka tamiko izy nandritry ny telo na efatra andro. Nandeha nanohy nankany amin'ilay sampanan-

dàlana andrefana an'ny Troublesome River izy, ary izaho nihaza tany amin'ilay sampanan-dàlana atsinanana. Ary raha nahazo ombimanga izahay, dia nahantonay izy ireny, ary fantatray hoe aiza no itondrana an'ireo soavaly mpitondra entana, ary teo ambonin'ny laselin-tsoavalinay fotsiny izahay.

91 Ary indray andro dia tany ambony tany aho, niala lavitra an'ilay laselin-tsoavaliko, ary teo amin'ilay morony. Ary tamin'io fiafaran'ny fararano io, ilay izy dia, ny zavatra voalohany fantatrareo, hamiratra ny masoandro, avy eo dia hanorana ny andro, avy eo dia hazava ny andro, avy eo dia hanoram-panala ny andro. Ary, toetr'andro miovaova fotsiny izany. Ary nihaza aho, tany ambony. Tena maina tsara ny andro, ary nandre firefotry ny tselatra iray aho; dia nijery aho, tonga nanerana an'ireo tendrombohitra, ary tonga ny orana. Noho izany, nandeha tao ambadiky ny hazo iray fotsiny aho ary nitsangana tao vetivety mandra-pitsahatr'ilay tafio-drivotra. Nitsoka ireo rivotra ary nihodinkodina, sy manodidina, ka nitsangana tao ambadik'ireo hazo aho mandra-pitsahatr'izany. Rehefa nitsahatra ilay izy . . .

92 Nitsangana teo aho, nieritreritra ny amin'Andriamanitra. Taona vitsy lasa fotsiny izany, nanao an'ireo asam-pitoriana ireo aho. Dia nieritreritra aho hoe, "Lehibe toy ny ahoana Andriamanitra, ary mahafinaritra toy ny ahoana!" Hoy aho hoe, "Tokony ho nateraka ho an'ity toerana ity aho, ato anaty ala, ny tenako irery, lavitry ny olona sy ireo vahoaka betsaka, sy ny marary sy ny ory, ary ny zavatra rehetra, ny telefona maneno, sy ireo fiara mpitondra marary tonga." Nieritreritra aho hoe, "Mamy sy milamina toy ny ahoana! Tompo, avelao aho hijanona eto. Ary izaho—nateraka ho an'ity aho, ity no natiorako, eto no misy ahy. Eto Ianao no mipetraka." Dia nieritreritra aho hoe, "Eny, raha tsy azoko izy ato amin'ity anankiray ity, dia ho azoko izy ao amin'ny Arivo taona, noho izany dia hiandry an'io fotoana io fotsiny aho."

93 Ary rehefa nitsahatra ny tafio-drivotra, dia somary nivoaka kely avy tao ambadik'ilay hazo aho. Ary, teny lavitra teo amin'ny ilan'ilay tendrombohitra, dia nandre ombimanga lahy antitra iray aho nanomboka ni—ninaonaona. Ary niantso ny sisa tamin'ilay andiany izy; nihahaka izy ireo, tamin'ny fotoan'ilay tafio-drivotra. Dia nanomboka niantso ny sakaizany izy. Noho izany dia tahaka ny nolazain'i Davida ao amin'ny Soratra hoe, "Rehefa ny lalina no miantso ny Lalina"! Raha misy lalina iray, miantso, dia tsy maintsy misy Lalina iray hamaly an'izany, any ho any.

94 Ary tamin'izay fotoana izay no nanomboka nifoha tao anatiko io natiora io. "Eto no toerana hijanonako. Oh, izany no mozika!" Teto amin'ny farany aoriana teto, dia nidradradradra ilay amboadia fotsy antitra, ka namaly azy ilay sakaiza, tery ambany. Oh, oadray! Izany rehefa ny lalina no miantso marina

tokoa ny Lalina; mba handre an'io antso dia an'ilay amboadia io, miantsoantso ireo biby dia sasany, miantsoantso ireo vorona. Ho ahy, dia Andriamanitra izany! Afaka mandre Azy eo anivon'ny Bibidiany sy ireo Bibiny aho.

95 Nitsoaka ny rivotra, sendra nijery teto aoriana teto aho izay nisy ny . . . nitsoka, hatsiaka ampy hampivaingana ny rano teo amin'ireo maitso mandava-taona. Nivoaka ny masoandro, teny andrefana, tamin'*ity* ilany ity, ary toy ny hoe maso iray mijery avy ao, tahaka an'Andriamanitra, ao amin'ny filentehan'ny masoandro. Ary voamariko fa izany no niteraka avana iray nanerana an'ilay lohasaha mideza. Dia nanomboka nieritreritra aho hoe, "Io Izy ao anatin'ilay avana. Io Izy ery, ao amin'ny antson'io ombimanga io. Io Izy ery ao amin'ilay amboadia, miantso. Eto Izy ao anatin'ireo hazo. Afaka mandre ny Feony mibitsibitsika aho. Io Izy ao anatin'ilay avana."

96 Satria, "Izy dia nanana endrika toy ny vato Jaspy sy Karneola, niaraka tamin'ny avana iray teo amin'ny Lohany; Alfa, Omega, ny fiandohana sy ny fiafarana; Izy izay Nisy, Izay Misy, ary Ho Avy; ilay Faka sy Solofon'i Davida." Ary miaraka amin'ilay avana, loko fito, fahatanterahana. Tanteraka ao amin'ny fito Andriamanitra. Ary teo koa Izy tahaka ny avana iray, ho fanekena iray.

97 Hatraiza hatraiza izay jerenareo, dia afaka mahita an'Andriamanitra ianareo, raha hijery ao amin'ny Natiorany fotsiny. Ary raha mbola feno tanteraka aho . . . Hiteny zavatra aminareo aho, amin'izay fotoana izay dia ho fantatrareo fa izaho dia—izaho dia tena Batista iray. Raha mbola nijery an'izany aho, dia tena feno ny Fanahy Masina hany ka napetrako niankina tamin'ny hazo iray ny basiko ary nihazakazaka nanodidina an'ilay hazo mafy arak'izay vitako fotsiny aho, nanipy ny tongotra iray teny amin'ny rivotra, ary niantsoantso tamin'ny tampon'ny feoko, nihorakoraka hoe, "Haleloia! Haleloia! Haleloia! Haleloia," nihodina fotsiny, nihodina, nihodina, nihodina, hany ka saika nianjera aho; noho izany dia nijanona aho ary nanetsiketsika ny tànako ambony-sy-ambany, ary nihorakoraka teo hoe, "Voninahitra! Voninahitra! Voninahitra! Voninahitra! Voninahitra! Haleloia! Haleloia! Haleloia! Haleloia," mafy mihitsy arak'izay azoko nihazakazahana. Tsy afaka nieritreritra na inona na inona hafa ho lazaina aho. Niboiboika nihoatra ny foko.

98 Inona izany? Ny lalina miantso ny Lalina! Nandre an'Andriamanitra aho tany tamin'ny fomba iray izay tsy handrenesanareo Azy angamba. Fa, ho ahy, dia ao amin'ny Tontolony Izy, mamaly hoe, "Izaho no Andriamanitry ny famoronana. Izaho no nanao ny zavatra rehetra tamin'ny alàlan'ny Tànako Manokana."

99 Eny, raha nisy olona iray niditra tao anatin'ireo ala, dia ho nihevitra izy ireo fa nanana adala iray tao anatin'ireo ala. Nihodina, nihodina, nihodina, nihodina, nandeha nihodina an'io hazo io aho, nanana fotoana iray be voninahitra ho ahy fotsiny! Izaho tsy . . . ny olona iray, tsy nahoako na nandre izy ireo, na tsia. Izaho dia tany amin'ny dimampolo maily, telopolo maily, na ahoana na ahoana, lavitry ny olona iray, araka ny fantatro. Fa nandeha nihodina sy nihodina an'ilay hazo aho, niantsoantso.

100 Satria inona? Tao amin'ny katedralin'Andriamanitra aho. Afaka nahita Azy hatraiza hatraiza aho, ny masoandro, tsipitsipika lavalava tonga nanerana an'ireo ala, ilay avana tany, ilay amboadia mihorakoraka, ilay ombimanga mihorakoraka. Afaka nandre Azy tao amin'ireo rivotra aho. Oh, oadray, hatraiza hatraiza Izy! Tany ambony lavitra tany, dia afaka nahita ny oram-panala nanarona an'ireo tendrombohitra ianareo, sy nanaloka teo amin'ilay maitso mandava-taona. Oh, jereo fotsiny na aiza na aiza, dia hahita Azy ianareo. Ao amin'ny Tontolony Izy. Mino an'izany ve ianareo? Nitsangana kely teo aho.

101 Ary afaka kelikely dia nandre zavatra anankiray aho nanao hoe, "Tchat, tchat, tchat, tchat! Tchat, tchat, tchat!"

Nieritreritra aho hoe, "Inona izany?"

102 Nijery nanodidina aho. Nisy faritra tranainy iray teo izay nisian'ny—ny tafio-drivotra izay nanjera hazo maromaro fahiny, ary nisy vontsiran-kesika kely iray teo. Tsy fantatro na fantatrareo hoe inona izy ireo, na tsia. Firy no mahafantatra hoe inona ny vontsiran-kesika iray? Izy no biby kely mitabataba indrindra izay misy eo amin'ny faritra. Ary nitsambikina teo ambonin'ny vodi-hazo antitra iray teo izy. Ary nihetsika teo fotsiny izy toy ny hoe izy dia saika . . . saika handrovitra ahy ho potipotika izy, izay fotsiny, "Tchat, tchat, tchat tchat!" Nitsambikina ambony-sy-ambany izy, nanozongozona ny rehetra, mafy arak'izay vitany. Oh, saika hamotika ahy izy.

103 Eny, nieritreritra aho hoe, "Ry biby kely, tsy misy ilainao ny ho taitaitra tanteraka tahaka an'io. Tsy hahavita na inona na inona ianao. Ary izaho, izaho ve, inona, nampahatahotra anao ve aho?" Nieritreritra aho hoe, "Eny, tsy tokony hatahotra mikasika an'izany ianao. Nidera an'ilay Andriamanitra izay nanao antsika roa fotsiny aho." Hitanareo? "Tsy misy ilainao ny ho sasatra tanteraka. Nidera Azy aho, noho izany dia aza taitaitra tanteraka tahaka an'izao. Eny, nidera an'Andriamanitra fotsiny aho, tokony ho nahafantatra tsaratsara kokoa noho ny mihorakoraka ahy tahaka an'izao ianao. Aza manakana ahy rehefa mihiakiaka tahaka an'izao aho, satria manana fotoana tsara iray aho. Avelao aho hipetraka tsara." Hitanareo?

104 Ary noho izany dia sendra nahamarika aho fa nanongilana ny loha keliny nankany amin'ny ilany ilay biby kely, ary nijery

niondrika tao amin'ilay kirihitr'ala. Eny, hitako fa tsy nivovò ahy izy. Avy tao amin'io kirihitr'ala io, nandritr'ilay tafio-drivotra, dia nisy voromahery goavana iray izay voatery nipetraka. Ary torotoro tao anatin'izany izy, nianjera tao anatin'io faritra tranainy io. Ary ilay vorona goavana, izany no nahataitaitra tanteraka an'ilay vontsiran-kesika. Ary nitsambikina teo ambonin'ny sampana iray izy.

105 Nieritreritra aho hoe, "Ankehitriny, andraso iray minitra eto, misy zavatra iray any ho any. Satria, nanompo an'Andriamanitra aho, nihazakazaka nihodina sy nihodina an'io hazo eto io. Ary mahita Azy ao anatin'ireto singa samihafa izay Azy ireto aho, ary ity natiora ity. Ankehitriny, nahoana Izy no hanakana ahy amin'ny zavatra tahaka an'izany?" Ankehitriny, nisy voromahery antitra iray teo. Tiako ny voromahery. Fa nojereko izy, dia nieritreritra aho hoe, "Eny, inona no . . . Afaka mahita an'Andriamanitra ao aminy ve aho? Ankehitriny ho inona izany?"

106 Nojereko izy. Ny masony lehibe, goavana volon-davenona, ary nitsangana teo ambonin'io rantsana io izy, nijery ahy. Dia nijery an'io vontsira io izy, ary avy eo dia nijery ahy indray; avy eo dia nijery an'ilay vontsira, nijery. Hoy aho hoe, "Ataoko fa mandinika anay ianao." Noho izany dia nieritreritra aho hoe, "Mba fantatrao moa? Afaka mitifitra anao aho, raha tiako izany." Dia nojereko izy. Ary nipetraka niankina teo amin'ilay hazo ny basiko. Hoy aho hoe, "Efa fantatrao ve fa afaka nitifitra anao aho raha tiako izany?" Tsy niraharaha an'izany mihitsy izy na kely aza, nipetraka teo fotsiny.

107 Nieritreritra aho hoe, "Oh, izany no tian'Andriamanitra ho hitako hoe, 'Aza matahotra.'" Sahy io voromahery io, tsy matahotra na inona na inona izy. Tsy menatra izy ny hiteny amin'ny sefony fa sitrana tamin'ny alàlan'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Tsy nanelingelina azy izany. Izy dia—matanjaka izy. Tsy menatra izy ny hijoro vavolombelona raha naharay ny Fanahy Masina. Raha ho azy Izany, dia azo antoka fa hijoro vavolombelona ny amin'Izany izy; satria sahy izy, tsy misy na inona na inona mahamenatra ny aminy.

108 "Eny," nieritreritra aho hoe, "inona no tena mahasahy anao? Inona no manao anao ho sahy?" Nanomboka nahamarika aho avy eo, nanohy nitsapa an'ireo elatra izy. Fantatrareo hoe ahoana no anetsehan'izy ireo ny volony mandroso sy miverina, fantatrareo, mamelatra ny elany. Nieritreritra aho hoe, "Oh, hitako. Ah-hah. Andriamanitra no nanome anao elatra anankiroa. Ary fantatrao tsara mihitsy fa afaka maka an'ireo elatra anankiroa goavana ireo ianao ka miditra ao anatin'io hazo lava io alohan'ny ahafahako manakatra an'io basy io mihitsy aza." Nanana fahatokiana izy tao amin'ny . . . Andriamanitra no nanome azy an'ireo elatra ireo, ka fantany izay hataon'ireo elatra ireo ho azy.

109 Hafa lavitra toy ny ahoana ilay izy amin'ny olombelona! Andriamanitra no nanome antsika ny Fanahy Masina, nefa dia mbola tsy fantatsika foana izay hataon'Izany ho antsika. Marina izany! Tsy misy fetra izany, izay Hataony. "Na inona na inona zavatra irianareo, rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa azonareo izany, dia ho azonareo izany." Afaka natoky an'ireo elany nomen'Andriamanitra io voromahery io. Fantatrareo ve hoe nahoana? Mieritreritra aho, matetika, fa efa nitsapa an'izany ilay voromahery. Fantany izay noresahany. Ary isika dia manana ny Fanahy Masina nefa tsy nitsapa Azy. Eo mihitsy no misy an'ilay izy. Hitanareo, raha namela ny natiora hiasa ao anatintsika tahaka ny amelan'ny biby isika! Azo antoka, fantany hoe inona no amikirana, ary inona no tsy amikirana.

110 Noho izany izy—fantany ilay elanelana avy eo amin'izay nitsanganako, avy teo amin'ilay basiko, afaka miditra ao anatin'io hazo lava io izy ka tsy hahita azy intsony aho, noho izany dia nanohy nanetsika an'ireo elatra goavana ireo izy. Dia nodinihako izy, hoy aho hoe, "Ry tovolahy antitra, tsy hitifitra anao mihitsy aho. Tena mirehareha ny aminao aho!" Tiako ny hahita zavatra izay manana herim-po amin'izany, zavatra izay hijoro rehefa fantany izay ataon'izy ireo. Tsy tianareo ve ny hahita an'izany?

111 Izany no antony itiavako ny fiangonana Pentekotista. Tsy ahoako izay lazain'izao tontolo izao, miantso azy ireo hoe "holy rollers," ny zavatra hafa rehetra, mijoro sy mihiakiaka izy ireo na izany aza, midera ny Tompo, manohy mihitsy. Tiako izany. Izany tokoa, mijoroa eo amin'izany mihitsy. Tsy manao fahasamihafana mihitsy hoe iza ilay izy, mijanòna eo ary ataovy ny fijoroana vavolombelonareo, omeo dera Andriamanitra.

112 Nandinika an'io voromahery antitra io aho raha nifindra teo izy, fantatrareo, kely fotsiny. Ary sendra nahamarika aho, tsy nandinika ahy loatra izy, leo nihaino an'io vontsira io nanozona azy izy hoe, "Tchat, tchat, tchat! Tchat, tchat, tchat!" Ah, nojereny fotsiny izy. Ary afaka kelikely dia sorena taminy izy, noho izany, ny zavatra tokana nataony dia nanao fitsambikinana goavana be iray tahaka an'*izao*, ary nanakopakopaka an'ireo elany teo amin'ny indroa teo, dia lasa tany ankoatr'ilay hazo lava. Avy eo dia tsy nanakopaka indray mandeha intsony izy, namelatra ny elany fotsiny izy. Ary isaky ny niakatra ny rivotra, dia niakatra niaraka tamin'izay izy. Dia nitsangana teo aho ary nijery azy. Ary isaky ny mifofofofo ny rivotra, dia miakatra avoavo kely kokoa izy; tsy nanetsika volo iray, nandeha niakatra fotsiny, niakatra, niakatra, niakatra, mandra-pahatonga azy ho pentina kely iray.

113 Nitsangana teo aho, ary nanomboka niraraka teo amin'ny takolako ireo ranomaso. Hoy aho hoe, "O Andriamanitra, ity no toerana lehibe iray hitoerana. Eto no tiako hitoerana. Io Ianao ao anatin'io voromahery io."

114 Hitanareo, nanao fitsambikinana goavana anankiray fotsiny izy, ary natoky an'ireo elany. Tsy nikopakopaka avy teo amin'ny fivoriana iray nankany amin'ny iray hafa izy, sy nandeha avy tamin'ny fiangonana anankiray nankany amin'ny iray hafa. Nanao fikopahana goavana anankiray fotsiny izy, avy eo dia namelatra ny elany tao amin'ny Herin'Andriamanitra, namela ny Fanahy Masina, ka nitondra azy lavitra, nanohy sy nanohy, ary nanohy sy nanohy. Niala lavitra an'ireo tamia ratsy kely an'ity tany eto ity izy, voafatotry ny tany; tsy manana elatra, ary tsy mahafantatra hoe ahoana no hanidinana. "Tchat, tchat! Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Tsy misy izany Fanahy Masina izany, ho an'ny andro hafa efa lasa izany." Oh, velaro fotsiny ireo elatrareo ao amin'ny Herin'Andriamanitra, avelao ny Fanahy Masina hampiakatra anareo ambonin'izany, mandehana manohy sy manohy ary manohy. Tsy afaka nandre tamia intsony akory aza izy, ny tanin'ny vontsira, na inona na inona tianareo hiantsoana azy. Leo an'ilay "tchat, tchat." Oh, raha ny fiangonana, indray andro any, no ho leo an'izany, dia ho fantatr'izy ireo hoe ahoana no hamelarana ny elany; ary hanao fitsangatsanganana iray miaraka amin'Andriamanitra izy ireo, ka handeha any an-Trano, lavitra an'izany. "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana"? Teneno amiko hoe oviana. Tara loatra fotsiny izy ireo miteny amintsika an'izany, sa tsy izany? "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Tsy misy izany Fanahy Masina izany. Mody-mino fotsiny ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra," izay ihany no fantatr'izy ireo mikasika an'izany. Noho izany, ny zavatra hatao fotsiny dia mamelatra ny elatrareo.

115 Tsy nikopaka izy, ankehitriny, nitety toerana. "Handeha aho ka hahita raha *ity*, ary handeha aho ka hahita raha *itsy*." Fantany fotsiny hoe ahoana no hamelarana ny elany. Ary izany ihany no tokony ho fantatrareo hoe ahoana no atao mikasika ny Fanasitranana avy amin'Andriamanitra, mikasika ny Fanahy Masina, dia ny mahafantatra fotsiny hoe ahoana no ametrahana ny finoanareo ao amin'ny hery sy ireo teny fikasan'Andriamanitra. Izany no hitondra anareo hanohy avy hatrany. Manohy miakatra fotsiny ianareo. Isaky ny mitsoka ny rivotra, dia hiakatra avo kokoa sy avo kokoa isika, ary avo kokoa sy avo kokoa; hany ianareo ka tsy afaka handre an'ity eto ity hoe, "Tchat, tchat, tchat! Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Andiana holy rollers." Tsy hiraharaha an'izany akory aza ianareo. Ho any ankoatra lavitra ianareo hany ka ho any ivelan'ny faritra fandrenesana azy ireo. Ny fanahinareo dia hakarina ho any amin'ny toerana iray izay . . .

116 Oh, azo antoka, ao amin'ny Tontolony Andriamanitra. Mino an'izany ianareo, sa tsy izany? Oh, afaka mandany ora maro isika eo amin'io zavatra anankiray io fotsiny. Tsy maintsy mitsambikina mankeo amin'ny iray hafa isika. Mino ve ianareo fa ao amin'ny Tontolony Andriamanitra?

Ankehitriny, manaraka, dia Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny. Ankehitriny raha mijery manodidina ny tontolo ianareo dia hahita an'Andriamanitra. Izany tokoa, hahita ianareo. Ankehitriny dia ao amin'ny Tontolony Andriamanitra.

117 Ankehitriny, ao amin'Ny Teniny Andriamanitra. Mihazona Ny Teniny Andriamanitra. Izany no manao ny Baiboly ho tena misy. Izany no ahafahantsika mihaika ny ateista rehetra, ny tsimpino rehetra, ny Mohametana rehetra, ny Bouddha rehetra, ny mpampianatra mpamosavy rehetra, ny momba ny fanahy rehetra, ny zavatra hafa rehetra, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, ka manao an'ity Teny ity ho velona, satria ao amin'Ny Teniny Andriamanitra.

118 Niady hevitra aho, indray andro, tamin'ny—ny fiangonana ara-anaram-piangonana anankiray izay mino fa—fa ny fiangonana no valiny, fa tsy ny Teny. Nilaza izy ireo fa izy ireo no nanoratra ny Baiboly. Ny Baiboly no . . . tantaran'ny fiangonan'izy ireo izany. Dia hoy izy hoe, "Ao amin'ny Fiangonany Andriamanitra."

Hoy aho hoe, "Ny Baiboly dia nanao hoe, 'Ao amin'Ny Teniny Andriamanitra.'"

119 "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika." Marina izany. Izy no Tenin'Andriamanitra, ny Tenin'Andriamanitra voateny. Ary ao amin'Ny Teniny Andriamanitra. Ny fampanantenana tsirairay izay ataon'Andriamanitra, dia Izy no manohana ny Fampanantenany. Ny zavatra tokana tokony ataontsika, dia, mandray Ny Teniny ho ao am-pontsika isika, ary tsy misalasala amin'Izany, fa mino, amin'izay fotoana izay dia Andriamanitra no manao an'io Teny io (izay Izy tenany ao anatinareo) hiasa sy hanao an'ilay tena zavatra mihitsy izay Nampanantenainy hiseho.

120 Nanao an'izany ve Izy tamin'i Abrahama? Nahoana, Abrahama, lehilahy iray dimy amby enimpolo taona, na, talohan'izany aza izy, na, dimy amby fitopolo taona, talohan'ny nandraisany ny teny fikasana. Ary noraisiny tao am-pony io Teny io ka nihazona an'Izany tao nandritry ny dimy amby roapolo taona. Fa namokatra marina tokoa an'izay naha-izy an'ilay teny fikasana izany. Marina ve izany?

121 Ao amin'Ny Teniny Andriamanitra. Fantatsika rehetra izany. Tsy misy pentina anankiray an'ny Baiboly manohitra ny Tenany. Nanolotra ny zavatra rehetra izay tiany ho an'ny olona rehetra aho; hitory ny Filazantsara aho ary handray ny raki-pitiavana mandritry ny herintaona, ka hanome an'izany, ny kely tsirairay, ho an'ny olona iray izay afaka mitondra ny Tenin'Andriamanitra ka manaporofo an'Izany ho tsy marina amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra, amiko. Marina izany.

Tsy ao izany. Ary efa nanao an'izany fihaikana izany nandritry ny taona sy taona aho; mbola mandray foana an'ireo raki-pitiavako aho. Satria, tsy ao izany. Mety ho tena mikorontana ao amin'ireo fahaizanareo manokana ianareo, satria ny Baiboly dia . . . Jesosy dia nisaotra Ny Rainy nohon'ny "fanafenana an'izany tamin'ny mason'ny hendry sy ny manan-tsaina, ka nanambara an'Izany tamin'ireo zaza izay te-hianatra." Hitanareo, Izany no Tenin'Andriamanitra.

Ny Teny dia tahaka ny Voa iray.

122 Ankehitriny, alaivo ny voa iray. Ianareo olona eto amin'ny Morontsiraka Andrefana, mpamboly malaza ianareo. Ankehitriny, alaivo ny hazo voasarinareo. Ankehitriny, alaivo ny hazo voasarinareo, rehefa maka azy voalohany ianareo, dia voa iray izany. Apetrakareo ao anatin'ny tany izany, ary hamokatra hazo voasary iray. Azo antoka. Ankehitriny, tahaka an'izany ilay izy. Ankehitriny, io hazo voasary io, ny zavatra tokana ataonareo amin'izany, rehefa saiky avo fotsiny tahaka ny . . . inch iray ny haavony. Tsy fantatro hoe voasary firy kesika no ho vokarin'ny hazo iray mandritry ny androm-piainany. Ndao ataontsika hoe, ohatra, dimanjato kesika. Ankehitriny, mety ho mihoatra izany na latsaka, tsy fantatro; fa atao hoe dimanjato kesika. Efa fantatrareo ve fa ny voasary tsirairay izay hany hisy ao anatin'io hazo io dia ao anatiny rehefa eo amin'ny iray inch fotsiny ny halavany? [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Efa fantatrareo ve izany? Azo antoka, izany izy. Taiza? Avy tao amin'ilay voa izany. Ankehitriny, ny zavatra tokana amin'ilay izy, dia nambolena teo fotsiny izy, napetraka teo.

123 Ary tsy maintsy misintona izy, mitsentsitra rano avy amin'ny tany, mba hahazo sakafo. Ary mitsentsitra rano avy amin'ny tany izy, ary tsy maintsy misotro mihoatra ny fatrany. Ary isaky . . . satria, tsy maintsy mamoaka izy. Ary rehefa mitelina rano izy, dia izany no mamoaka an'ireo ravina; mitelina rano betsaka, mamoaka an'ireo ravina; mitelina rano betsaka, mamoaka voninkazo; mitelina rano betsaka, mamoaka an'ireo voasary. Manohy misotro fotsiny izy, ary mamoaka. Fa, tsy maintsy misotro izy.

124 Tahaka an'izany ny mpino iray, voapetraka eo afovoan'ny Tenin'Andriamanitra mihitsy izy. Amena! Ary raha manana zavatra ilaina iray izy, dia misotro fotsiny, ary mamoaka; misotro, dia mamoaka. Rehefa feno ny Fanahy Masina ny olona iray, ny zavatra rehetra izay hany hampiasainy ao amin'ny diam-piainany dia ao anatiny mihitsy amin'io fotoana io. Eny, tompoko. Ny zavatra tokana tokony ataontsika dia ny misotro sy misotro, ary misotro sy misotro, ary misotro mandra-pahazoantsika an'ilay izy. Nambolena tao amin'i Kristy Jesosy isika! Ary araka ny fandikako ny Aminy, dia Izy no Loharanon'Aina tsy mety ritra. Izany marina tokoa no heveriko fa maha-izy Azy. Ary rehefa nambolena tao Aminy isika, dia

tsy mety ritra Izy! Isika dia afaka misintona avy Aminy, ny fahatsaram-panahy, fahalemem-panahy, fahamoram-panahy, faharetana, hery, fahasitranana, [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]. . . teny fikasana izay Nomeny, satria nambolena tao amin'ny Voan'Ny Teniny isika. Ary Izany dia hamokatra marina tokoa an'izay nolazain'Andriamanitra fa Hovokariny. Voa iray Izany, ny Teny.

125 Ao amin'Ny Teniny Andriamanitra. Mino an'izany isika, sa tsy izany? Mino isika rehetra. Mahita an'Andriamanitra mamaly ianareo. Taona maro lasa tany aloha, rehefa niteny tamin'izy ireo Izy mba hiakatra, Pentekosta, dia nandray ny Fanahy Masina izy ireo. Taona maro talohan'izany, ao amin'ny Isaia, dia hoy Izy hoe, "Didy hanampy didy, fitsipika hanampy fitsipika, kely eto ary kely etsy. Hazòny mafy izay tsara. Amin'ny molotra miambakambaka sy fiteny hafa no Hitenenako amin'ity vahoaka ity, ary ity no Fitsaharana." Hitanareo, Noteneniny izany tany aloha lavitra, avy eo dia tonga avy hatrany Ny Teniny ka tonga voaseho. Ny rehetra, ilay Mesia nampanantenaina, hatrany amin'ny sahan'i Edena, "ilay Taranaka dia hanorotoro ny lohan'ny menarana," sy ny sisa, dia niseho. Ao amin'Ny Teniny Andriamanitra.

126 Ankehitriny, ao amin'ny Tontolony Andriamanitra, manaova hoe "amena" raha mino an'izany ianareo.

[Hoy ny fiangonana hoe, "Amena"—Mpand.] Ao amin'Ny Teniny Andriamanitra. Mino an'izany ve ianareo, manaova hoe "amena." ["Amena"]

127 Ankehitriny, Andriamanitra ao amin'Ny Zanany. Ankehitriny, Andriamanitra dia tao amin'Ny Zanany. "Andriamanitra dia tao amin'i Kristy, mampihavana an'izao tontolo izao amin'ny Tenany," izany no lazain'ny Soratra. Izy, hidina Andriamanitra, ary nipetraka tao anatin'ny vatana iray, naterak'i Maria virijiny, ary naneho ny Tenany tamin'ny alàlan'i Kristy Andriamanitra; mba hampiseho fa Ireo—Ireo toetrany dia, mba hampiseho fa nitia Izy, mba hampiseho ny Faharetany, mba hampiseho ny Heriny, mba hampiseho sy haneho ny Tenany. Nipetraka tao anatin'i Kristy Andriamanitra, mampihavana an'izao tontolo izao amin'ny Tenany.

128 Niresaka tamin'ny vehivavy iray aho, teto fotoana vitsy lasa izay, na nitarika ny fifantohako izy. Hoy izy hoe, "Pasitera Branham," hoy izy, "mankasitraka an'ireo toriteninao aho. Izaho, izaho dia. . . Manatrika an'ireo fivorianao aho." Fa nikambana tamin'ny fiangonana ara-anaram-piangonana iray izy izay tsy mino fa avy amin'Andriamanitra Jesosy. Dia hoy izy hoe, "Eny, tsy avy amin'Andriamanitra Izy." Dia hoy aho. . . Hoy izy, "Miezaka manao Azy ho avy amin'Andriamanitra loatra ianao."

Hoy aho hoe, "Avy tamin'Andriamanitra Izy."

129 "Oh," hoy izy, "tompoko, hanaiky aho fa lehilahy tsara iray Izy." Ary tsy te-handratra ny fihetseham-ponareo aho; ny sasany amin'ireo olona ireo dia sakaizako sarobidy. Siansa Kristiana izany. Dia hoy izy hoe, "Izy, tsy avy amin'Andriamanitra Izy." Hoy izy, "Hanaiky aho fa mpaminany iray Izy, saingy tsy avy tamin'Andriamanitra Izy. Nefa ianao miezaka ny manao Azy ho avy amin'Andriamanitra."

130 Hoy aho hoe, "Na avy amin'Andriamanitra Izy na ilay mpamitaka lehibe indrindra izay hany nananan'izao tontolo izao." Marina izany. Hoy aho hoe, "Avy tamin'Andriamanitra Izy. Mihoatra noho ny mpaminany iray Izy. Andriamanitra teo ambonin'ireo mpaminany Izy! Azo antoka, izany Izy." Hoy aho hoe, "Avy tamin'Andriamanitra Izy."

131 Dia hoy izy hoe, "Ankehitriny, nilaza ianao fa ianao dia 'mpanara-pototra,' ary nino ny Soratra ianao."

Hoy aho hoe, "Mino aho."

132 Dia hoy izy hoe, "Raha porofoiko aminao, amin'ny alàlan'ny Baibolinao manokana, fa tsy avy tamin'Andriamanitra Izy, dia hanaiky ve ianao fa marina ny ahy?"

133 Hoy aho hoe, "Eny, tompoko. Raha ny Baiboly no nilaza fa tsy avy tamin'Andriamanitra Izy, amin'izay fotoana izay dia hino ny Baiboly aho." Ary hoy aho hoe, "Fa tsy maintsy mahita an'ilay Soratra aho."

134 Hoy izy hoe, "Ao amin'ny Jaona, ao amin'ny Md. Jaona, dia Izao no voalaza hoe, 'Rehefa nandeha nankeo amin'ny fasan'i Lazarosy Jesosy, dia nitomany Izy.'" Ary hoy izy, "Fantatrao, raha avy tamin'Andriamanitra Izy, dia tsy afaka nitomany Izy."

Hoy aho hoe, "Ranabavy, eo amin'izany ve no hanaovanao fototra ny fisainanao?"

135 Hoy izy hoe, "Eny, tompoko. Ary marina izany. Nandeha nankeo amin'ny fasan'i Lazarosy Izy, nitomany Izy; izany no naneho fa tsy avy tamin'Andriamanitra Izy."

136 Hoy aho hoe, "Ny adi-hevitrao dia mahia kokoa noho ny ron-kena vita avy tamin'ny alok'akoho iray izay matin'ny hanoanana." Hoy aho hoe, "Eny, mahafantatra tsaratsara kokoa noho izany ianao."

137 Fa hoy izy hoe, "Oh, Izy dia—Izy dia—Izy dia mpaminany iray, Izy dia lehilahy tsara iray."

138 Hoy aho hoe, "Izy dia mihoatra noho ny. . . Andriamanitra no tao Aminy. Lehilahy iray Izy, saingy Izy dia—dia Olona roa. Ny anankiray, dia lehilahy iray Izy; ny Fanahy tao Aminy dia Andriamanitra!" Hoy aho hoe, "Andriamanitra dia tao amin'i Kristy."

Hoy izy hoe, "Ah! Tsia!"

139 Hoy aho hoe, "Jereo, ramatoa, haka ny Soratrao manokana aho. Lehilahy iray Izy, saingy Izy dia Andriamanitra-olona iray. Rehefa nandeha nankeo amin'ny fasan'i Lazarosy Izy, dia nitomany tahaka ny olona iray Izy. Marina izany. Fa rehefa nitsangana teo Izy, nampiakatra an'ireo Soroka keliny nilatsaka, ka nanao hoe, 'Lazarosy, mivoaha,' ary lehilahy maty, izay efa maty efatra andro, no tonga tamin'ny fiainana, dia mihoatra noho ny olona iray izany. Tsy afaka nanao an'izany ny olona. Izany no Andriamanitra tao amin'Ny Zanany."

140 Olona iray Izy rehefa nidina avy teny an-tendrombohitra Izy, noana, nitady zavatra ho hanina, nijery nahitsy teo amin'ny hazo iray mba hahita zavatra ho hanina. Olona iray Izy rehefa noana Izy. Fa rehefa nandray trondro roa sy bisky dimy Izy ka namahana dimy arivo dia mihoatra noho ny olona iray izany. Izany no Andriamanitra tao amin'Ny Zanany. Azo antoka fa izany!

141 Olona iray Izy rehefa nandry tany teo amin'ny lakana iray tamin'io hariva io Izy, efa niala Taminy ny hery, hany ka tena nalemy Izy ka tsy afaka Izy . . . tsy namoha Azy akory aza ireo onja, nihilangilana tao anatin'io lakana tranainy io, tahaka ny bosoan-tavoahangy iray eo ambonin'ny ranomasina mahery. Nianiana ireo devolin-dranomasina iray alina fa handentika Azy izy ireo tamin'io hariva io raha natory Izy. Olona iray Izy rehefa natory sy reraka Izy. Fa rehefa nametraka ny Tongony teo amin'ilay vodi-tsambo Izy, niandrandra ka nanao hoe, "Milamìna, mipetraha tsara," ka nankatò Azy ireo rivotra sy ireo onja, dia mihoatra noho ny olona iray izany. Andriamanitra dia tao amin'Ny Zanany! Tanteraka tokoa!

142 Olona iray Izy rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana Izy, niantsoantso famindrampo. Olona iray Izy rehefa maty Izy. Nitaraina tahaka ny olona iray Izy, nanana fanaintainana tahaka ny olona iray Izy. Fa tamin'ny marainan'ny Paska rehefa Nopotehiny ny . . . fahafatesana, ny helo, sy ireo tombokasen'ny fasana, ka nitsangana indray; dia mihoatra noho ny olona iray Izy, Noporofoiny fa Andriamanitra Izy!

> Velona, nitia ahy Izy; maty, namonjy ahy Izy;
> Nalevina, nitondra ny fahotako lavitra Izy;
> Nitsangana, nanamarina ahy maimaim-poana mandrakizay Izy;
> Indray andro any dia ho avy Izy, oh, andro be voninahitra!

143 Andriamanitra dia tao amin'Ny Zanany, mampihavana an'izao tontolo izao amin'ny Tenany. Mino an'izany ve ianareo? Azo antoka. Andriamanitra dia tao amin'Ny Zanany. Haingana mihitsy, mihalasa ny fotoantsika. Zavatra anankiray amboniny. Isika . . . Mino ve ianareo fa ao amin'ny Tontolony

Andriamanitra? Ao amin'Ny Teniny ve Andriamanitra? Tao amin'Ny Zanany ve Andriamanitra?

144 Ankehitriny, dia Andriamanitra ao amin'ny Olony. Eny àry. Ho hitantsika raha nidina nankao amin'ny olombelona Izy mitovy amin'izay Idinany mankao amin'ny natiora. Ny olombelona dia ampahan'ny Natiorany. Izany tokoa, izany izy ireo. Mariho ankehitriny, Andriamanitra dia tao amin'ny Olony.

145 Iza ilay indray hariva tao amin'ny lahatenintsika, no tao amin'i Elia, rehefa matin'ny famelezan'ny masoandro ny zaza kely iray, ka efa nandry nandritry ny ora sy ora teo ambonin'ny fandrian'ilay mpaminany, rehefa ny lehilahy iray, nantsoina hoe "Elia," no nandeha nandroso sy niverina, ambony sy ambany teo amin'ny gorodona, ka nametraka ny vatany teo ambonin'io zazakely maty io, ary tonga tamin'ny fiainana izy? Izany no Andriamanitra tao amin'ny Olony. Izany tokoa ilay izy.

146 Iza ilay izy, rehefa i Masindahy Petera, ilay apostoly, mpanjono tena tsy mahay iray. . .Hoy ny Baiboly hoe, "Izy dia tsy nahay sy tsy nianatra." Iza ilay izy, rehefa nandeha teny amin'ny làlambe izy, ka nametraka ny marary teo amin'ny alok'io lehilahy io ny olona, dia sitrana izy ireo? Aloky ny lehilahy iray ve no nanasitrana azy ireo? Izany no Andriamanitra tao amin'ny Olony, izay nanao an'ilay fanasitranana.

147 Iza ilay tao amin'i Masindahy Paoly, rehefa nalaina avy teo amin'ny vatany ireo mosara sy aron'akanjo, ka napetraka teo amin'ny marary? Andriamanitra dia tao amin'ny Olony. Nahafantatra an'Andriamanitra tao amin'i Masindahy Paoly izy ireo. Izany tokoa, nahafantatra izy ireo.

148 Iza ilay izy rehefa nivavaka ny andiana kanosa iray, naka ny Tenin'Andriamanitra ka niakatra nankany amin'ny Pentekosta? Nofefen'izy ireo tanteraka ireo varavarana, ary nifefy ireo varavarankely, ka tao anatiny tao izy ireo nandritry ny folo andro. Tampoka teo dia tonga avy tany An-danitra ny feo iray tahaka ny rivotra mifofofofo, mahery iray, nameno ny tranobe rehetra izay nipetrahan'izy ireo izany, ireo lela nizarazara, tahaka ny afo. Ary nandeha nivoaka teny an-dàlambe izy ireo, izay natahoran'izy ireo fahiny, nandeha nivoaka teo, nitory ny Filazantsara ary nanao hadalana tahaka ny andian'olona mamo. Inona izany? Andriamanitra ao amin'ny Olony. Andriamanitra mihetsika eo anivon'ny Olony.

149 Andriamanitra dia ao aminareo. Andriamanitra, ny Fanahy Masina, dia ao aminareo, mihetsika manerana ankehitriny, mampihavana an'izao tontolo izao amin'ny Tenany.

150 Inona no manao an'ireo mpitoriteny voatsindrimandry ireo hitory ny Filazantsara? Inona no manao azy ireo? Angamba, indray mandeha, dia mamolava; indray mandeha, dia mpiloka; indray mandeha, dia lehilahy ratsy; tampoka teo, dia nisy zavatra niova! Ary indro izy ireo mitsangana, mitory ny

Filazantsara ka manokana ny fiainany. Ary ny sasany amin'izy ireo, saiky, dia miaina mahantra arak'izay vitan'izy ireo. Nefa efa mpandraharaha izy ireo ary nety ho nanan-karena, nitaingina fiara goavana sy nanana ny tsara, nefa nanao sorona an'izany ka namoy an'izany. Nahoana? Andriamanitra dia ao amin'ny Olony, mampihavana an'izao tontolo izao amin'ny Tenany. Andriamanitra dia ao amin'ny Olony.

151 Inona ilay mamely ny vehivavy kely iray na lehilahy kely iray, ka mitsangana izy, ary ny tarehiny mamirapiratra tahaka ny labozia, ka miteny amin'ny fiteny izay tsy misy na inona na inona fantany mikasika an'izany, ary mitsangana ny iray hafa eo ambanin'ilay karazana tsindrimandry iray ihany ka manome hafatra ho an'ny fiangonana? Andriamanitra ao amin'ny Olony. Amena.

152 Inona no tonga eto amin'ity lampihazo ity, isaky ny fivoriana, ka manao an'ireo fahagagana iray ihany izay nataon'i Jesosy fony Izy teto an-tany teto? Izany no Andriamanitra ao amin'ny Olony. Tsy mampaninona na toy ny ahoana ny habetsahan'izany ato amiko, izany dia tsy maintsy ao aminareo, ihany koa. Satria, tsy hety amin'ny alàlako samirery fotsiny izany. Mila ahy sy ianareo miaraka izany, mba hanao an'ilay izy. Marina izany.

153 Isika rehetra miaraka, Andriamanitra ao amintsika rehetra! Andriamanitra, tsy hoe ao amin'ny Metodista irery ihany na Batista, na Pentekosta na Presbyterana, fa Andriamanitra dia ao amin'ny mpino tsirairay izay nandray ny Fanahy Masina. Izany no Andriamanitra, ny Fanahy Masina, ao amin'ny olona, mampihavana an'izao tontolo izao amin'ny Tenany.

154 Diniho hoe ahoana no Anaovany ny olona hino an'izany. Amin'ny alàlan'ireo zavatra iray ihany izay Nataony tamin'ireo olona voalohany tamin'ny Pentekosta, no Anaovany an'izany amin'ireo amin'izao andro izao, ilay fomba iray ihany. Nandray ny Fanahy Masina tamin'ny fomba iray ihany izy ireo, ireo famantarana sy fahagagana iray ihany no manaraka azy ireo.

155 Andriamanitra dia ao amin'ny Tontolony. Mino an'izany ve ianareo? Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny. Mino an'izany ve ianareo? Andriamanitra dia ao amin'Ny Zanany. Mino an'izany ve ianareo? Andriamanitra dia ao amin'ny Olony. Mino an'izany ve ianareo? Andriamanitra mihetsika ao amin'ny rehetra!

156 Noho izany dia hoy i Filipo hoe, "Asehoy anay ny Ray, dia hahafa-po anay izany."

157 Afa-po aho androany fa afaka mahita an'Andriamanitra na aiza na aiza jereko! Tsy mahita Azy fotsiny ihany aho, fa nahatsapa Azy ary fantatro fa eto Izy! Tahaka ny nolazain'ilay poety hoe, "Manontany ahy ianareo hoe ahoana no ahafantarako fa velona Izy, velona ato anatin'ny foko Izy." Mandinika Ny Fanahiny aho ka mahita an'Izany mampientana ahy, manetsika

ahy. Ampientanin'ny Zavatra iray ianareo, ny Fanahy Masina. Eto Andriamanitra androany, ry sakaiza. Eto Andriamanitra.

158 Ao amin'ny Natiorany Izy any, fahavaratra sy ririnina, ireo ravina, ireo voninkazo, ireo vorona, ireo biby. Ao amin'ny filentehan'ny masoandro Izy, ny fiposahan'ny masoandro. Ao amin'ny planeta manodidina ny masoandro Izy. Hatraiza hatraiza Izy! Hatraiza hatraiza Andriamanitra! Ao amin'ny Tontolony Izy.

159 Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny. Ny olona rehetra izay handray Ny Teniny, ny teny fikasana rehetra . . . Mamelà ahy hanohy ny fandraisam-peo amin'ny filazana an'izao. Raha handray an'ilay toe-tsaina tsara ianareo manoloana ny teny fikasan'Andriamanitra Masina rehetra, dia izany no hanao azy hiseho. Izany no heveriko mikasika Ny Teniny. Raiso ny teny fikasana iray Ato, ary raiso ilay toe-tsaina tsara manoloana an'izany, dia hanao an'izany hiseho ho anareo Andriamanitra. Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny.

160 Andriamanitra dia ao amin'Ny Zanany. Avy tamin'Andriamanitra Izy. Izy no Zanak'Andriamanitra. Mino an'izany amin'izay rehetra ato anatiko aho. Mino an'izany aho. Eny, tompoko. Izy dia tsy mihoatra . . . Izy dia mpaminany iray. Azo antoka, mpaminany iray Izy, mpitory teny iray Izy, mpihira iray Izy. Izy dia—Andriamanitra Izy, Andriamanitra voaseho tao amin'ny nofo. Nidina tao anatin'ny nofo Andriamanitra, mba hampihavana an'izao tontolo izao amin'ny Tenany. Avy eo dia maty io Zanak'Andriamanitra mahafinaritra io. Ary, rehefa maty Izy, dia nanolotra ny Ainy Izy. Nitsangana indray Izy tamin'ny Paska, ary nanangana ny Vatany Andriamanitra ka nametraka an'izany teo amin'ny Ilany ankavanana, ary nandefa ny Fanahy Masina indray mba hanohy haneho ny Tenany eo anivon'ny olona.

161 Ary ilay Fanahy iray ihany izay tao amin'i Jesosy Kristy no eo anivontsika androany, maneho ny Tenany tsy ankitsahatra amin'ny olona, amin'ny alàlan'ireo famantarana iray ihany, fahagagana iray ihany, manome azy ireo an'ilay Fanahy Masina iray ihany, miteny amin'ireo karazana fiteny iray ihany, manome an'ilay karazana fandikana iray ihany, mahita fahitana, manafaka, manasitrana ny marary, tahaka an'izay Nataony marina tokoa tany amin'ny voalohany. Andriamanitra dia ao amin'ny Olony!

162 Nahoana àry isika no mijery hoe, "Asehoy anay ny Ray dia mahafa-po anay izany"? Mahita ny Ray isika. Mahita ny Ray isika.

163 Rehefa izaho—rehefa mijery any ivelany aho eto ka mahita ny filentehan'ny masoandro, dia mahita ny Ray aho. Rehefa mahita ny fiposahan'ny masoandro aho, dia mahita ny Ray. Rehefa mandre an'ilay antso dia an'ny bibidia aho, dia mahita ny Ray.

Rehefa mahita an'ireo voninkazo ireo mamony aho, dia mahita ny Ray. Ary ianareo?

164 Mahita Azy ao amin'Ny Teniny aho. Isaky ny mandray Ny Teniny ho teny fikasana iray aho, dia mahita ny Ray.

165 Mijery an'i Jesosy aho, dia mahita ny Ray maneho ny Tenany amin'ny alàlan'ny Zanaka.

166 Mijery ny Olony aho, dia mahita ny Ray; mahita Azy miasa eo anivon'ny Olony, maneho ny Tenany, manohy hatrany. "Asehoy ahy ny Ray"? Indro Izy eto mihitsy izao tolakandro izao, miasa eo anivon'ny Olony, ao amin'ny Olony, amin'ny alàlan'ny Olony, eo ambonin'ny Olony. Haleloia! Andriamanitra dia ao amin'ny Olony.

167 Ndao isika hivavaka. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ho an'Andriamanitra ny dera! Tianareo ve Izy? Eny àry.

168 Mino aho fa i Billy no niteny tamiko hoe dimampolo ny vavaka. . . Eny àry. Karatra fangataham-bavaka nomerao iray. Atsangano ny tànanao, haingana mihitsy, mba ahafahanay mahita ankehitriny, ary mankanesa haingana eo amin'ilay laharam-bavaka. Hahita zavatra hitranga isika. Izaho. . . Miandry an'izany ve ianareo? Karatra fangataham-bavaka nomerao iray, iza izany? Ity ramatoa eto ity, manana karatra fangataham-bavaka nomerao iray ve ianao? Manontany ny karatra fangataham-bavaka nomerao iray aho. (Inona—litera inona ilay izy?) E.

169 Karatra fangataham-bavaka E, nomerao iray, atsangano ny tànanao. Nomerao roa. Eny àry. Nomerao telo, nomerao efatra. Tongava eto avy hatrany, sitrakareo ve? Nomerao dimy, enina, fito. Marina izany, mitsangàna avy hatrany. Arak'izay iantsoako fotsiny, dia mitsangàna. Fito, valo, sivy, folo, iraika ambin'ny folo, roa ambin'ny folo, telo ambin'ny folo, efatra ambin'ny folo, dimy ambin'ny folo, enina ambin'ny folo, fito ambin'ny folo, valo ambin'ny folo, sivy ambin'ny folo, roapolo, iraika amby roapolo, roa amby roapolo, telo amby roapolo, efatra amby roapolo, dimy amby roapolo, milahara fotsiny ankehitriny.

170 Firy no tsy manana karatra fangataham-bavaka, atsangano ny tànanareo. Mino ve ianareo fa ao amin'ny Olony Andriamanitra? Ilay Andriamanitra iray ihany izay nandeha tany Galilia, tao amin'i Jesosy Kristy, mino ve ianareo fa eto Izy androany, ao aminareo, ilay Fanahy iray ihany izay tao amin'i Jesosy? Izy no Zanak'Andriamanitra nateraky ny virijiny; ary zanaka natsangana ianareo, tamin'ny Alàlany. Ilay Fanahy iray ihany izay tao Aminy, no ao aminareo. Eny àry.

171 Dimy amby roapolo, enina amby roapolo, fito amby roapolo, valo amby roapolo, sivy amby roapolo, telopolo, aoka izy ireo ho avy. Miantso azy ireo tahaka an'izany isika mba tsy hananantsika fahaterena, fantatrareo, fandehandehanana be loatra. Eny àry, telopolo, iraika amby telopolo, roa amby

telopolo, telo amby telopolo, efatra amby telopolo, dimy amby telopolo, enina amby telopolo, fito amby telopolo, valo amby telopolo, sivy amby telopolo, efapolo. Marina izany, midìna eo avy hatrany fa hametraka anareo eo amin'ny laharana avy hatrany izy ireo. Raha tsy afaka mihetsika ianareo, nahoana, dia ampahafantaro ny olona iray, haka anareo izy ireo.

172 Ankehitriny, firy no tsy manana karatra fangataham-bavaka, atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Mila an'Andriamanitra hanasitrana ahy aho izao tolakandro izao." Tsy ahoako na iza ianareo, avy aiza ianareo, ny zavatra rehetra, manaova fotsiny hoe, "Mila an'Andriamanitra hanasitrana ahy aho. Mino aho."

173 Eny àry, efapolo hatramin'ny dimampolo ankehitriny, aoka izy ireo ho avy. Ny olona rehetra miaraka amin'ny karatra fangataham-bavaka iray, mitsangàna ka tongava eto ankehitriny, ianareo izay manana ny karatra fangataham-bavakareo. Hiandry fotoana fohy fotsiny isika ka hanomboka avy hatrany ao amin'ilay laharana, hivavaka ho an'ny marary.

174 Ankehitriny, hahavita ao anatin'ny folo na dimy ambin'ny folo minitra manaraka isika, noho izany dia mahareta kely aminay, ary mivavaha amin'izay rehetra ao anatinareo. Ankehitriny dia tiako ianareo hijery aty, ny tsirairay avy aminareo ankehitriny. Tsarovy ankehitriny . . .

175 Misy vahiny ve eto izay tsy mbola tao amin'ny anankiray tamin'ireo fivoriana tany aloha mihitsy? Misy tena vitsy, jereo fotsiny. Tena faly izahay manana anareo. Matoky fa ianareo dia—dia hanohy ao amin'ity karazana fivoriana ity, izany hoe, izay misy ny Fanahy Masina . . . Raha toa ianareo ka tsy—mambran'ny fiangonana iray izay Filazantsara feno, ary aranatiora, dia hangataka anareo izahay, raha tianareo ny karazana fivoriana izay misy ny Fanahy Masina tonga sy mihetsika. Jereo ireto mpitoriteny eto ireto, izy ireo—mipetraka manerana an'ity faritra rehetra eto ity izy ireo, ary izy ireo dia . . . (Misaotra anao, ranabavy.) Izy ireo dia—ho faly izy ireo manana anareo ao amin'ny fiangonany.

176 Ankehitriny tiako ny hilaza an'izao, ny olona tsirairay izay niova fo tamin'ity herinandro ity, ny olona tsirairay izay niova fo teto tamin'ity herinandro ity, ankehitriny, jereo ity andiana mpitoriteny ity, izy ireo—manohana an'ilay zavatra iray ihany izay tohanako izy ireo. Tsy manana fahasamihafana iray mihitsy izahay. Tena mitovy tanteraka izahay. Mino ny Filazantsara feno izahay, ny batisan'ny Fanahy Masina, ireo zavatra rehetra ireo. Ireto mpitoriteny rehetra eto ireto, mitovy tanteraka mihitsy izahay rehetra. Ary tianay ianareo hikambana amin'ny fiangonan'izy ireo mba ahafahanareo manohy. Ankehitriny izy ireo no . . . Nandalo ilay Samaritana tsara fanahy, nandraraka diloilo teo amin'ilay fery. Saingy

nitondra anareo izy ankehitriny, ary tiany handeha ao amin'ny anankiray amin'ireto tranom-bahiny ireto ianareo, ilay akaiky indrindra anareo. Efa nandoa tamin'ilay pasitera izy mba hikarakara anareo, noho izany dia nandoa izy; nandray ny Fanahy Masina izy, nandray an'ireo fitahian'Andriamanitra, sy fahasalamana, ary ny fanambarana, afaka hamahana ny fanahinareo fotsiny izy! Noho izany dia tongava ankehitriny ka mikambàna amin'ny iray amin'ireo fiangonana, ary izany no—izany no ho zavatra tsara indrindra izay azonareo atao mba hihazona ny fanahinareo ho voafahana sy handroso. Homba anareo anie Andriamanitra.

177 Ankehitriny, tsy mihambo ho inona na inona ankoatry ny ho rahalahinareo izahay. Ankehitriny, raha tonga androany ny Fampakarana, ka haka an'ireo olona mendrika aloha Andriamanitra, dia izaho no ho anankiray farany hiala eto amin'ny lampihazo. Marina izany. Teraka tsy tonga volana aho. Izaho . . . Rehefa ianareo, maro aminareo mpitoriteny Pentekotista eto, antitra kokoa noho izaho, no efa teto andàlambe teto taona maro lasa izay, nitory teny, rehefa mafy ilay fanenjehana, ianareo no nisava ny làlana izay andehanako. Ianareo no niteny tamin'ny olona fa hitranga ireo zavatra ireo. Tsy maintsy nanavatsava an'ireo kirihitra sy ny sisa ianareo, teo ambonin'ireo karazana antontam-bato rehetra. Hitanareo? Zazakely iray fotsiny aho. Ary ianareo izy ireo, ianareo no rahalahy izay—izay nitondra an'ity. Ianareo no rahalahy sy anabavy izay nanao an'ireto zavatra ireto. Niresaka an'ilay izy fotsiny ihany tamin'ny olona ianareo, ka niteny tamin'izy ireo fa ho tonga izany. Ianareo no nametraka ny fototra. Ny anankiray dia . . . mametraka ny fototra, ilay iray hafa dia mpandrafitra, ny anankiray dia mpanamboatra fantsona, ny anankiray elektrisiana. Eo am-pijoroana ilay Tranon'Andriamanitra. Hitanareo? Ary ankehitriny raha manohy isika, dia manana ny toerany ny tsirairay avy. Ary ankehitriny izahay—tianay ianareo olona hanome haja sy fanajana an'ireo rahalahinay sy ireo fiangonana ireo. Ary aoka hihalehibe sy hitombo tsy ankitsahatra ny Fanjakan'Andriamanitra, izany no vavakay.

178 Ankehitriny, tsy afaka manasitrana aho. Efa voavidin'ny Fanahy Masina ny fanasitranana. Firy no mahafantatra an'izany? Kristy no nanao an'izany teo Kalvary. Ny zavatra tokana, izay angamba ireto lehilahy eto ireto, mpitoriteny izy ireo, afaka mandray ny Tenin'Andriamanitra izy ireo. Izaho tsy ho . . . Tsy ho sahiko ny hijoro eo anoloan'izy ireo miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra, ary na inona na inona mifanohitra; satria, nantsoina izy ireo, izany no asan'izy ireo, mitory teny izy ireo, fantatr'izy ireo izay resahany. Noho izany dia mihaino fotsiny an'izay lazain'izy ireo aho, ka manao hoe "amena" ary manohy, satria izy ireo dia—lehilahin'Andriamanitra izy ireo. Manaraka azy ireo aho,

ary hitako fa ao anatin'ny Baiboly izy ireo, ary miteny ny Fahamarinana.

179 Eny, ankehitriny, tsy natao hitory teny loatra aho. Fa ny fanomezam-pahasoavako dia fanomezam-pahasoavan'ny fahitana. Izany dia ny . . . Jesosy dia mpitory teny iray. Mpahita iray ihany koa Izy. Fa eo amin'ny anjarako, satria tsy manana fahaizana betsaka hitory teny aho, fa manana fanomezam-pahasoavana iray mba hahita zavatra mialoha, miteny ary miteny mialoha.

180 Satria, ao amin'ny Baiboly, dia Izao no voalaza hoe, "Nisy ireo nirahina ho apostoly, mpaminany, evanjelista, mpampianatra, pasitera, ireo rehetra ireo dia ho an'ny fahatanterahan'ilay Fiangonana." Andriamanitra no nametraka azy ireo tao anatin'ny Fiangonana. Ankehitriny, misy sivy ireo fanomezam-pahasoavana, hoe isika dia afaka mametra-tànana, sy ny sisa, ary mivavaka amin-kafanam-po ho an'ireo fanomezam-pahasoavana tsara indrindra, ary maneho tahaka an'izany. Fa ireo hafa ireo dia fanomezam-pahasoavana voafidin'Andriamanitra mialoha, Andriamanitra no mametraka azy ireo ao anatin'ny Fiangonana.

181 Ho an'ilay taona izay ho avy, Izy . . . Jaona Mpanao-batisa, no mpihazakazaka manokana ho an'io taona io. Andriamanitra no nanendry azy mialoha fotsiny hanao an'io asa io. Mino an'izany ve ianareo? Azo antoka, nanendry Izy. Hoy Jesosy hoe, "Nivoaka mba hijery mpaminany iray ve ianareo?" Hoy Izy, "Mihoatra noho ny mpaminany iray." Hitanareo? Jaona tsy nahafantatra an'izany, fa Jesosy no nahafantatra an'izany. Hitanareo?

182 Ary Jeremia, talohan'ny nahaterahany, dia hoy Andriamanitra hoe, "Efa nahafantatra anao Aho, nanamasina anao, ary nanendry anao ho mpaminanin'ny firenena." Marina izany, sa tsy izany?

183 Ankehitriny rehefa teto an-tany Jesosy, hoy Izy hoe, rehefa teo am-piaingana Izy, dia hoy Izy hoe, "Vetivety foana, dia izao tontolo izao . . ." Aza adino izao, ry sakaiza Kristiana. "Vetivety foana, dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao; kanefa ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho, ao anatinareo, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao mihitsy aza." Nilaza an'izany ve Izy? Homba antsika Izy hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao. Ny Baiboly no nilaza hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay." Izany dia midika hoe, "tsy miova amin'ny fitsipika, tsy miova amin'ny hery." Ny zavatra tokana maha-samihafa an'i Jesosy amin'izao andro izao eto an-tany, noho izay naha-izy Azy tamin'izany, dia eto Izy androany amin'ny endrika Fanahy Masina. Ny Tenany ara-batana dia mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra any An-danitra. Ho avy Izy indray andro any, ka ireo izay ao amin'i Kristy no hitsangana ka handeha hiaraka Aminy.

Hitanareo? Izany no antenaintsika, io andro io. Fa Ny Fanahiny, miaraka amin'ny Heriny sy ny fanehoany rehetra, dia nomena ho an'ilay Vatan'ireo mpino manerana an'izao tontolo izao.

184 Ankehitriny, io Anjelin'ny Tompo io: raha tsy manatanteraka sy manao an'ireo asa iray ihany izay nataon'i Jesosy Izany, amin'izay fotoana izay dia tsy ilay Fanahy izay tao amin'i Jesosy Izany, fa raha *manao* an'ireo asa iray ihany izay ataon'i Jesosy Izany! Satria, hoy Izy hoe, "Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko, no hataony koa."

185 Fantatrareo fa ny Baiboly dia milaza, ilay toko iray ihany, Jaona 14 hoe, "Ireo asa izay Ataoko, no hataony koa; *mihoatra* noho izany aza no hataony, satria Aho mankany amin'Ny Raiko." Fantatro fa ny King James dia mametraka an'izany hoe, "lehibe kokoa." Tsy mety ho lehibe kokoa izany; ilay tany am-boalohany dia milaza hoe "mihoatra." Satria, nampijanona ny natiora Izy, nanangana ny maty Izy, eny, ny zavatra rehetra mihitsy. Tsy afaka manao lehibe kokoa noho izay Nataony ianareo. Fa ilay Fiangonana no hanao mihoatra amin'izany, satria, raha mbola manao fivoriana iray isika eto, dia manao fivoriana iray izy ireo any Afrika, manao azy ireny izy ireo any Brésil, manerana an'izao tontolo izao izy ireo, hitanareo, satria mety hisy *mihoatra* izany. Voaseho tao amin'ny Olona anankiray Andriamanitra tamin'izany, Ny Zanany Jesosy; ankehitriny dia voaseho ao amin'Ny Fiangonany Izy, maneran-tany. Fa ilay Fanahy iray ihany no manao an'ireo asa iray ihany! Indray andro . . .

186 Ho anareo izay tsy manana karatra fangataham-bavaka. Ankehitriny, mbola misy karatra fangataham-bavaka anankiray amboniny ve ato amin'ny—ato amin'ny mpanatrika? Raha misy, dia tokony hiditra ao anatin'ny laharana ianareo. Ianareo tsy manana karatra fangataham-bavaka, nisy vehivavy iray . . .

187 Ndao ataontsika hoe—ndao ataontsika hoe tahaka an'izao ilay izy, tsy tahaka an'izao no vakiny, fa tratry ny fitsiha-drà ny ramatoa iray indray mandeha, ka tsy fantany hoe ahoana no hahatongavany eo amin'i Jesosy. Fa hoy izy hoe, "Raha afaka mikasika ny sisin'ny Akanjony fotsiny aho, mino Azy aho, dia ho sitrana." Firy no mba namaky an'io tantara io? Nahoana, azo antoka, namaky ianareo.

188 Ary, ankehitriny, nitsofoka moramora tao amin'ilay vahoaka betsaka izy, ary nitsofoka moramora nandalo an'ireo mpitsikera, ka nikasika ny Akanjony. Ankehitriny, ny akanjo Palestiniana dia mihantona malalaka, ary nanana akanjo anatiny iray izy ireo. Ankehitriny, tsy nahatsapa an'izany ara-batana Izy, saingy hoy Izy hoe, "Iza no nikasika Ahy?" rehefa nikasika Azy izy ka niverina nankao amin'ny mpanatrika. "Iza no nikasika Ahy?"

189 Ary, nahoana, niteny mafy Azy i Petera, nanao hoe, "Tompo, nahoana Ianao no nilaza zavatra tahaka an'izany? Nahoana, ny

olona rehetra dia mikasika Anao, nefa Ianao milaza hoe, 'Iza no nikasika Ahy?'" Niteny mafy Azy izy, hoy ny Baiboly.

190 Hoy Izy hoe, "Saingy Hitako fa miha-malemy Aho, niala Tamiko ny hery." Dia nijery manodidina nanerana an'ilay mpanatrika rehetra Izy mandra-Pahitany an'ilay vehivavy kely. Dia hoy Izy taminy hoe, "Ny finoanao no nahavonjy anao." Efa nanana fitsiha-drà izy. Tsaroanareo ve izany?' Firy ankehitriny . . .

191 Diniho, ireto mpitondra fivavahana eto ireto, ianareo rehetra dia pasitera. Rahalahy pasitera, ny Baiboly dia nilaza hoe "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Marina ve izany? Ary ny Baiboly dia milaza fa "Izy no Mpisoronabe, mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra ankehitriny, manao fanelanelanana eo amin'ny fiaikentsika." Izy no Mpisoronabe izay azo kasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika. Marina ve izany? Hitanareo ve izany? Mpisoronabe iray. Ankehitriny, raha Izy no tsy miova omaly sy mandrakizay, dia ilay karazana fikasihana iray ihany no hitondra an'ireo vokany iray ihany. Marina ve izany?

192 Ankehitriny dia mijere Azy. Ahoana no hikasihanareo Azy? Amin'ny finoanareo. Atsory ny tànana ka manaova hoe, "Tompo Jesosy, manana ilaina mahakivy aho."

193 Henoy. Angataho izany. Aza mivavaka ho an'ny tenanareo; mivavaha ho an'ny olon-kafa. Ndao entintsika tahaka an'izany ilay izy. Tsy tahaka ny tenanareo; mivavaha ho an'ny olon-kafa. Enga anie ny Fanahy Masina hikarakara an'izany. Mivavaha fotsiny ho an'ny olon-kafa. Ny sasany amin'ireo malalanareo, na olona iray izay fantatrareo fa any ho any, na zavatra tahaka an'izany, mivavaha ho an'izany. Hitanareo, mba hahafantaranareo . . . tsy vo- . . . Tsy voatery ho eto izy ireo. Mihaino vavaka Andriamanitra. Fantany izay ivavahanareo.

194 Firy no vahiny amiko ato amin'ny tranobe, ka tsy mahafantatra na inona na inona mikasika anareo aho? Atsangano ny tànanareo. Misaotra anareo. Ataoko, fa ny olona rehetra. Eto amin'ity laharam-bavaka ity, ny tsirairay avy aminareo dia mahafantatra, fantatrareo fa vahiny iray aminareo aho, dia atsangano ny tànanareo. Tsy mahafantatra anareo aho.

195 Ankehitriny, fantatrareo, raha fikasihana anankiray avy tamin'ny vehivavy kely iray no nanao an'i Jesosy Kristy ilay Zanak'Andriamanitra halemy, niala Taminy ny hery (*hery* dia "tanjaka"), dia inona no hataon'io laharana io amiko, mpanota iray novonjena tamin'ny fahasoavana? Hitanareo, izany no fandikanareo hoe, "*Mihoatra* noho izao no hataonareo." Hitanareo? Eo ianareo izao. Ankehitriny, raha haka ny antsasak'io laharam-bavaka io aho, eo amin'ny famantarana, dia hitondra ahy hivoaka angamba izy ireo. Mampalemy ahy fotsiny

izany. Misy zavatra mikasika an'izany. Tsy afaka hahavita an'io rehetra io aho. Saingy afaka mivavaka ho an'ny tsirairay avy aho. Izany no ilainareo, na ahoana na ahoana, sa tsy izany ry havana?

196 Fametrahan-tànana. Ankehitriny, Jesosy, Izy tsy nilaza hoe, "Mametraha tànana dia mivavaha." Hoy Izy hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino, raha mametra-tànana eo amin'ny marary izy ireo." Tsy nilaza mihitsy hoe "mivavaka ho azy ireo"; izao fotsiny "mametra-tànana eo amin'izy ireo." Ny baiko ny amin'ny fivavahana dia, "Antsoy ireo loholon'ny fiangonana, aoka izy ireo hanosotra diloilo azy ireo ka hivavaka ho azy ireo," ho an'ny fiangonana izany. Fa ny fanomezam-pahasoavana evanjelistikan'ny fanasitranana dia izao fotsiny "mametra-tànana eo amin'ny marary." Fantatsika izany. Tsy hoe "mivavaka ho azy ireo"; "Mametra-tànana eo amin'izy ireo, izao famantarana izao no hanaraka!" Ankehitriny, fa mba ny . . .

197 Ndao jerentsika, iza no . . . Rahalahy Borders, iza? Eny àry. Mba ahafahan'ny Fanahy Masina manomboka fotsiny, ka hihetsika eo anivontsika.

198 Ankehitriny, jereo, tsy tiako handehandeha ny olona rehetra. Azafady, ankehitriny, hatraiza hatraiza, aoka ho tena hangina, aoka hanaja. Ankehitriny, ny tiako lazaina, rehefa manao zavatra iray ny Fanahy Masina, ka tianareo ny hidera Azy, dia tsara izany, tokony hanao an'izany ianareo. Fa aza mandehandeha. Mipetraha tsara. Satria, ny tsirairay avy aminareo dia fanahy iray. Ary avy eo rehefa tonga ny hosotry ny Fanahy Masina ka, atao hoe, misy olona iray ery aoriana ery manao hoe, "Manontany aho raha marina izao," dia tsapako eto avy hatrany izany. Olona iray ery amin'ny farany aoriana ery no manao hoe, "Hono ho'aho, ry John, fantatrao ve *Ranona-sy-ranona* ary *Ranona-sy-ranona? Izaho* dia *izao-sy-izao.*" Hitanareo, manembatsembana izany.

199 Hitanareo, satria, raha momba antsika ilay Fanahy lehiben'ny Fiainana Mandrakizay, ka manao ahy ho voahosotra ho an'ny zavatra iray Izy, amin'izay fotoana izay dia tahaka ny fidoboky ny fo iray fotsiny no hahatsapako azy. Hitanareo, ianareo . . . Tahaka an'izany aho—no ahitako azy. Hitanareo, mikasika Azy ianareo. Ary amin'ny alàlan'izany, rehefa mivavaka Aminy ianareo, dia mikasika Azy ny fankasitrahanareo sy ny finoanareo; amin'izay fotoana izay fotsiny Izy . . . Manolotra ny tenako fotsiny aho, avy eo dia Izy no miteny eo, ary manomboka miteny amiko. Amin'izay fotoana izay dia ianareo no aoka ho mpitsara raha marina ilay izy na tsia.

200 Ankehitriny raha hanao an'izao ho an'ny fotoana farany Izy, handeha isika ankehitriny, vonona ny handeha, vonona ny

hifarana ny fivoriana ao anatin'ny minitra vitsy manaraka, dia firy no hanao hoe, "Hanaiky an'izany amin'ny foko rehetra aho, ka hino ny amin'izay rehetra ilaiko"? Andriamanitra hitahy anareo ankehitriny.

201 Ray any An-danitra, eo an-Tànanao no ametrahako an'ity mpanatrika ity. Raisiko eo ambanin'ny fifehezako ny fanahy rehetra eto, ho an'ny haja sy voninahitr'i Jesosy Kristy. Mangataka an'izany amin'Ny Anarany aho. Amena.

202 Ankehitriny, ilay ramatoa eto, mino aho (vao avy nanangana ny tànany) hoe vahiny tanteraka amiko izy. Tsy mahafantatra azy aho. Angamba ny fotoana voalohany hany niarahanay nifanakaiky tahaka an'izao, raha tsy hoe nandalo tany ho any teny an-dàlambe tany ho any izahay. Fa Andriamanitra mahafantatra anay roa. Ankehitriny raha . . .

203 Diniho ankehitriny, ry sakaiza. Ity no sary iray an'i Md. Jaona 4 androany, vehivavy iray sy lehilahy iray mihaona amin'ny fotoan'izy ireo voalohany; Jesosy sy ilay vehivavy avy any Samaria. Ankehitriny, tsy Jesosy aho, ary izy koa tsy ilay vehivavy avy any Samaria, saingy taona hafa iray ilay izy. Ny Fanahiny iray ihany no eto. Mitsangana eto ilay vehivavy, mety ho mpitsikera iray izy, mety ho Kristiana iray izy, mety ho mpisandoka iray izy, mety manana ilaina ara-bola izy, mety mitsangana ho any olon-kafa iray izy. Tsy fantatro. Tsy afaka miteny aminareo fotsiny aho. Fa Andriamanitra no mahafantatra. Ankehitriny raha hitsangana Izy ka hiteny amiko, ary (aoka izy no ho mpitsara) raha hiteny amiko Izy, marina tokoa, zavatra mikasika azy! Raha izaho . . . misy zavatra mikasika azy, tsy ho fantatro izany. Fa raha hiteny zavatra amiko mikasika azy Izy, dia aoka izy no ho mpitsara.

204 Noho izany, eny, raha marina ilay izy, dia ianao no mahafantatra fa tsy maintsy ho avy amin'ny karazana hery iray izany. Marina ve izany? Anankiray . . . Eny, noho izany dia ahoana no hametrahanao an'io Hery io? Izany no mitory ny Filazantsara, manandratra an'i Jesosy Kristy, miantso ny mpanota hankeo amin'ny alitara, manasitrana ny marary sy ny ory, karazana Fanahy inona, karazana voa inona no ho entin'io Fanahy io? Ilay karazana voa iray ihany izay nentin'i Jesosy Kristy, niaraka tamin'ny Fanahin'Andriamanitra teo Aminy. Marina ve izany? Ho Fanahy Kristiana iray izany. Mazava ho azy, hiankina aminao ny manao ny safidinao, hoe iza.

205 Fa ho Andriamanitra izany aminao, sa tsy izany? [Hoy ilay vehivavy hoe, "Eny, ho izany ilay izy"—Mpand.] Eny. Satria, Kristiana iray izy.

206 Ankehitriny, ahoana no nahafantarako fa Kristiana iray izy? Satria tsapako ny Fanahiny, hitanareo, izao ankehitriny izao mihitsy, tahaka ny fidoboky ny fo iray tonga fotsiny, toy ny manao hoe, fioo, fioo, fioo. Ary fantatro ilay

Fanahin'Andriamanitra izay eo amiko, izay manosotra ahy ankehitriny, mahafantatra fa anabaviko io. Ary tsy mbola nahita azy mihitsy aho, kanefa fantatro fa izany izy. Hitanareo, ilay izy fotsiny dia zavatra iray tonga tahaka an'*izao*. Mandeha miaraka izany. Ny fanahiny dia mifanaraka amin'ilay Fanahy izay nanosotra ahy.

207 Firy no efa nahita ny sarin'io Anjelin'ny Tompo io? Izy ireo dia, oh, manana azy ireny izy ireo eto hatraiza hatraiza, manerana an'izao tontolo izao izy ireo. Tsarovy, izao no teneniko aminareo. Io Anjelin'ny Tompo izay hitanareo eo amin'ny sary io, ilay Andry Afo izay nitarika an'ireo zanak'Isiraely, izay tonga nofo ka nonina teo anivontsika, avy tamin'Andriamanitra ary nandeha nankany amin'Andriamanitra, miverina indray amin'ny andro farany mba hanao ny Asany, hanatanteraka ny Fanjakana, dia eto mihitsy eo amin'ny enina inches eo amin'izay itsanganako. Tsarovy izany ankehitriny. Fihaikana iray toy ny inona! Fa mino Azy aho. Izy no mahafantatra. Fantatro fa tsy diso mihitsy Izy.

Ankehitriny raha hanambara zavatra amiko mikasika anao ny Tompo, ranabavy.

208 Ary ho anareo ao amin'ny laharam-bavaka, aoka ho vonona fotsiny ianareo ankehitriny, satria tsy te-hijanona ho an'ny famantarana eo amin'io rehetra io aho, satria izany. . . Tsy afaka hanao an'izany aho. Fa aoka fotsiny ianareo ho vonona, aoka hino.

209 Ankehitriny, raha afaka hanampy anao aho, nefa tsy hanao an'izany, amin'izay fotoana izay dia ho ratsy aho, tsy tokony hitsangana eto amin'ity polipitra ity aho; ary raha izany karazan'olona izany, tsia tokoa. Fa efa nitory teny mafy aho. Ary miandry vetivety fotsiny aho, mba hanao firesahana iray aminao.

210 Tahaka ny nataon'ny Tompontsika tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana fotsiny, hoy Izy hoe, "Itondray Aho ho sotroina." Hitanao? Inona no Nataony? Nanakatra ny fanahiny, hahita hoe inona—inona ilay olana. Avy eo rehefa Hitany ny olany, dia Noteneniny taminy hoe inona ny olany. Tsaroanareo ve hoe inona ilay izy? Nanana vady dimy izy; ary enina, izany ilay izy, satria efa nanana dimy izy ka ilay anankiray izay niarahany niaina tamin'io fotoana io no nanao vady enina.

211 Ary—ary rehefa Noteneniny taminy hoe taiza ny olany, nahoana, dia hoy izy hoe, "Tompoko, hitako fa mpaminany iray Ianao."

212 Hitanareo, ireo—ireo—ireo Fariseo dia nilaza fotsiny hoe, "Mpanao hatsarana iray Izy, devoly iray." Noteneniny tamin'izy ireo fa havela izany tamin'io fotoana io. Fa rehefa tonga ny Fanahy Masina, mba hanao an'izany, dia tsy ho avela mihitsy izany, ny miteny manohitra an'Izany.

213 Noho izany, fa hoy izy hoe, "Hitako fa mpaminany iray Ianao. Ary izahay dia mahafantatra (izahay Samaritana, izahay dia mahafantatra ny Teny), fantatray fa rehefa tonga ny Mesia, Izay antsoina hoe Kristy, dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra rehetra ireo." Hitanareo, fantany fa izany no famantaran'ny Mesia.

Dia hoy Izy hoe, "Izaho izay miresaka aminao no Izy."

214 Dia nilaozany ny sinin-drano, ka nihazakazaka nankany an-tanàna izy, ary nanao hoe, "Avia, jereo ny Lehilahy iray Izay niteny tamiko an'ireo zavatra izay nataoko. Tsy izao ve no Mesia?"

215 Ankehitriny, raha izany no famantaran'ny Mesia tamin'izany, dia ho izany no famantaran'ny Mesia ankehitriny, raha ny Mesia no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Raha io Fanahy izay . . .

216 Ianao dia mahalala tsara, fa misy zavatra izay miseho, sa tsy izany? Ankehitriny dia ampahafantaro fotsiny ny mpanatrika. Fihetseham-po iray tena mamy, manetry tena no efa, no eo aminao. Tsy marina ve izany? [Hoy ilay vehivavy hoe, "Marina izany"—Mpand.] Atsangano ny tànanao. Tena mamy, manetry tena. Mandinika an'ilay Hazavana eo anelanelako sy ilay vehivavy aho. Ankehitriny dia miha-manalavitra izany.

217 Ilay vehivavy dia mijaly amin'ny TB. [Hoy ilay vehivavy hoe, "Marina ny anao"—Mpand.] Ary vao avy tany amin'ny hopitalin'ny raboka izy. ["Oh, oh, oh!"] Marina izany. ["Marina"] Misy olon-kafa iray. Izany dia ity zazalahy eto ity. Iray minitra fotsiny. Ilay Fanahy iray ihany no eo aminy. Eny, zafikelinao io. ["Eny, izany izy. Marina."] Marina izany. Tratry ny aretin'ny taolan'orona izy. Manana nofo manolatra koa izy eo amin'ny avokavony. Marina izany. ["Marina izany. Tena marina tokoa."] Marina izany, sa tsy izany? ["Marina izany. Izany izy. Ilay dokotera no nilaza fa nanana izy."] Azo antoka. Eny àry. Rtoa. Harris, izany no anaranao. ["Izany no anarako!"] Mandehana ianao sy ny zafikelinao mody any an-trano, tapitra ireo aretinareo. Jesosy Kristy no manao anareo . . .?. . .

218 Mino ny Tompo Jesosy ve ianao ankehitriny? Hitanao, izany no Baiboly, izany no Fanahin'Andriamanitra manao an'ilay zavatra iray ihany omaly, anio, ary mandrakizay. Ankehitriny mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Hilamina hatreo izany.

219 Ankehitriny raha tsy milaza teny iray aho, fa mametraka ny tànako eo aminao fotsiny raha mbola eto ilay Hosotra, dia hino ve ianao? Mandehana àry, ary aoka ho sitrana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

220 Avia, ranabavy. Te-ho sitrana amin'ny aretim-bavoninao ve ianao? Mandehana fotsiny, misaotra an'Andriamanitra, ka manaova hoe, "Tapitra ilay izy," minoa amin'ny fonao rehetra.

221 Raha mametraka ny tànako eo aminao aho, dia mino ve ianao fa hanasitrana anao Andriamanitra? Amin'ny Anaran'i Jesosy, aoka ho sitrana. Izany no toetra ahatongavana. Efa sitrana izy. Marina izany. Izany ilay toetra. Ankehitriny, tsarovy, eto ny Fanahy Masina.

222 Indro tonga ny zazalahy kely iray maha-te-ho tia. Tena kely loatra ianao, malala, saiky, mba hanana finoana. Fa mijere eto iray minitra fotsiny, aty amin-dRahalahy Branham. Eny àry. Tapitra ny aretim-ponao ankehitriny. Afaka mandeha mody any an-trano ianao ka ho salama. Amena. Jesosy no manao anao ho salama.

223 Ndao isika hanao hoe, "Isaorana ny Tompo," ny amin'ity zazalahy kely ity.

224 Efa tena nikorontan-tsaina ianao, sa tsy izany? Hiala aminao izany ankehitriny. Mandehana mody any an-trano fotsiny mihitsy, manao hoe, "Misaotra anao, Tompo," ary aoka ho salama.

225 Avia. Eny, io diabeta ratsy io, raha afaka hiala aminy fotsiny isika! Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Amin'ny Anaran'i Jesosy, enga anie hiala amin'ilay vehivavy izany ka tsy hanelingelina azy intsony indray. Amena.

226 Avia ankehitriny. Ity ramatoa ity dia tratran'ilay zavatra iray ihany, diabeta, ihany koa. Minoa amin'ny fonao rehetra ankehitriny rehefa mandalo ianao, ary aoka ho salama, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy.

Mino ve ianareo, ny olona rehetra ankehitriny? Manàna finoana an'Andriamanitra!

227 Avia, ranabaviko. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, aoka ho salama. Manàna finoana, aza misalasala.

228 Avia, rahalahy malala. Mino tokoa aho fa efa sitrana ianao raha mbola nipetraka teo mihitsy, noho izany dia afaka mandeha fotsiny ianao! . . . ? . . . Andriamanitra hitahy anao ankehitriny. Eny àry.

229 Avia, ranabavy malala. Manàna finoana an'Andriamanitra! Izay ilay izy. Izay ilay izy. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, aoka ho salama. Amena. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Manohiza avy hatrany, mifaly sy mino. Oh, izany ilay toetra ahatongavana.

230 Aoka tena hanaja ankehitriny, ny tsirairay avy hazòny ny toeranareo ankehitriny. Aoka tena hanaja, eto ny Fanahy Masina. Satria tsy miresaka betsaka amin'izy ireo fotsiny Izy; indraindray fotsiny dia milaza zavatra. Miezaka fotsiny aho ny milaza . . . Ary raha hitako miseho haingana mihitsy ilay izy, dia lazaiko izany ary avy eo dia manohy. Hitanareo? Indraindray aho dia afaka mamoaka an'ilay izy indray mandritry ny minitra

vitsy, ary avy eo dia manohy. Fa eto ny Fanahy Masina, mbola mahafantatra ny zavatra rehetra foana Izy.

231 Mino an'izany ve ianao, ramatoa? Avy eto iray minitra. Azoko antoka, satria ianao dia Espanöla, ary izaho Irlandais, tsy mifankahafantatra isika. [Hoy ilay ramatoa hoe, "Tsia"—Mpand.] Ity no fotoana ihaonantsika voalohany. Mino ve ianao fa Jesosy Kristy, io Anankiray izay resahako io, no Zanak'Andriamanitra marina? Mino ve ianao fa marina ny fisoloako tena Azy? Mino ve ianao fa Izy no naniraka ahy hanampy anao? ["Eny"] Raha hoteneniko aminao hoe inona ny aretinao, dia hino Azy ve ianao? Ny aretinao dia ao amin'ny lamosinao. Tratry ny aretin-damosina ianao. Izao koa, tratry ny aretin-damosina ny vadinao. Manana olana izy amin'ny ranjony. Manana zazavavy iray izay tratry ny olana ao amin'ny tendany ianao. Izany dia avy tamin'ny lozam-piarakodia iray. Marina izany. ["Oh, misaotra Anao, Tompo!"] Mandehana mody, ho tena tsara tanteraka ianao.

232 Manàna finoana. Aza misalasala. Ankehitriny dia mampalemy izany ary manao zavatra. Manàna finoana fotsiny ankehitriny, minoa an'izany.

Amin'ny Anaran'i Jesosy, no ivavahako ho an'ilay vehivavy. Amena.

233 Avia ankehitriny. Avia, tompoko. Aza misalasala ankehitriny. Efa tena nikorontan-tsaina sy reraka ianao, ka manao anao hanana tsy fahalevonan-kanina ao amin'ny vavoninao, ary marary anao. Fa mandehana mody ankehitriny, ho salama sy ho mety tsara ianao. Andriamanitra hitahy anao. Manàna finoana ankehitriny. Minoa amin'ny fonao rehetra.

234 Eny, afaka mahita isika hoe inona ny olan'ilay zaza kely, mitondra an'ireo fitaovany eto izy. Hino ho azy ve ianao, ranabavy, ankehitriny, [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny, mino aho."—Mpand.], hoe Andriamanitra dia hamela an'ity zazavavy kely ity ho velona, ka hitsangana ary ho vehivavy tanora mahafinaritra iray tsy misy an'ireto fitaovana ireto?

235 Ray any An-danitra malala, raha afaka nanasitrana an'ity ankizy ity aho ka hanala an'ireto fitaovana ireto hiala aminy, dia ho nataoko izany. Fa mametraka ny tànako eo amin'ity zaza kely malala ity aho, izay tsy manana fomba hananana finoana ho an'ny tenany. Manameloka an'io aretina kilemaina io aho. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie handeha ity zazakely ity ka ho velona. Tena azo antoka tahaka ny itsanganako eto. [Hoy ilay anabavy hoe, "Efa sitrana izy"—Mpand.] Azo antoka. Eny. Mino an'izany ianao, sa tsy izany? ["Mino aho"] Firy no mino an'izany? Handeha izy, ary hanala an'ireo fitaovana ilay zazakely, ka handeha izy. Eny àry, manàna finoana.

236 Vavony mikorontana. Ary, oh, oadray! Mino ve ianao? Noho izany dia manohiza avy hatrany, ary mihinàna ka manàna fotoana tsara iray, fa ny finoanao no nanao anao ho salama.

Manàna finoana ankehitriny, ny olona rehetra, manàna finoana an'Andriamanitra! Avia, ranabavy malala. Mino amin'ny fonareo rehetra ve ianao?

237 O Tompo, mivavaka aho mba Hanasitrananao azy. Tsy maintsy manana ny Herinao manasitrana izy, raha tsy izany dia maty. Ka mivavaka aho mba Hanasitrananao azy. Ekeo izany. Ekeo izany.

238 Eny àry, ranabavy. Mamelà ahy haneho zavatra iray aminao. Misy olona marobe ato amin'ity mpanatrika ity, mijaly amin'ilay zavatra iray ihany tahaka anao. Hitanao, mamelà ahy haneho zavatra iray aminao. Tratry ny fo mikorontana ianao. Mamelà ahy haneho aminao etsy. Izay rehetra voaelingelin'ny fikorontanana (atsangano ny tànanareo) sy ny fo, atsangano ny tànanareo. Jereo izy ireo, hitanao. Ahoana no ahafahako hiantso ny tsirairay avy amin'izy ireo? Hitanao? Tsy afaka manao an'izany aho. Fa afaka mahatsapa an'io pakta lehibe io fotsiny aho; ilay fahavalo izay miezaka mihazona anao, ka miantso famindrampo. Hamotsotra ny fihazonany hatraiza hatraiza izy. Marina izany. Noho izany, mino ve ianao fa hamotsotra izy, hoe veriny eo aminao fotsiny izany izao ankehitriny izao? [Mihiakiaka ilay anabavy hoe, "Eny."—Mpand.] Mahatsapa ho hafa ianao, sa tsy izany? Efa sitrana teo no ho eo ianao. Zory ny làlanao, mifaly, manaova hoe, "Misaotra Anao."

239 Avia, ramatoa tanora, minoa amin'ny fonao rehetra dia aoka ho salama. Amin'ny Anaran'i Jesosy, enga anie ho sitrana ny anabavinay.

240 Andriamanitra, tahio ity zazalahy kely ity izao hariva izao. Oh, oadray! Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Jesosy? Eny àry. Amin'ny Anaran'i Jesosy! Andriamanitra hitahy anao.

241 Eny àry. Avia ankehitriny, ka minoa, rahalahy. Avia, ry rahalahiko, mpampiditra olona iray. Avia, ianao, raiso ireo fitahian'ny Tompo. Mametraka ny tànako eo amin'ny rahalahiko aho, amin'ny Anaran'i Jesosy. Enga anie izy ho sitrana. Ekeo izany.

242 Mino ve ny olona rehetra? Manàna finoana. Aza misalasala. Minoa fotsiny ankehitriny. Satria tsy mijanona eo amin'ny olona tsirairay fotsiny isika, izany dia tsy midika . . . Miteny fotsiny . . . Hitako ilay izy, saingy tsy tiako fotsiny ilay fahitana mba . . . Izany dia zavatra iray toy ny hoe mifandray ao anatinareo rehefa miresaka amin'ny olona ianareo. Fantatrareo ve izay tiako lazaina? Mifandray izany, ary amin'izay fotoana izay ianareo dia . . . Izay ilay izy, hitanareo, ianareo dia . . . Manao anareo halemy izany.

243 Vetivety fotsiny, nisy zavatra nitranga tao amin'ny mpanatrika. Raha hino ianao, dia tsy voatery hanana an'io fandidiana tatavia io intsony. Nikasika ny sisin'ny Akanjony ianao, ranabavy. Inona no nokasihany? Teneno amiko hoe inona no nokasihany. Tsy azony atao ny hikasika ahy avy eo. Fa nanao fotsiny izy . . . Ankehitriny dia mamelà ahy hiteny zavatra aminareo. Nipetraka teo mihitsy izy teo, nivavaka hoe, "Andriamanitra, avelao izy hiantso ahy." Raha marina izany, raha izany no vavakao . . . Io ilay izy, hitanareo. Marina tokoa izany. Manaova tahaka an'izany, dia jereo raha tsy izany ilay izy. Manaova tahaka an'izany fotsiny. Eny àry.

244 Samy vahiny isika. Tsy mahafantatra anao aho, ary ianao tsy mahafantatra ahy. Andriamanitra no mahafantatra antsika roa. Raha mbola eto ilay Hosotra, dia ho hitantsika mihitsy hoe inona ilay olana. Ny zavatra voalohany, dia voaelingelina ianao amin'ny masonao, ny lohanao. Manana fatotra iray ianao eo amin'ny sandrinao ankavia sy ny hato-tànanao. [Hoy ilay vehivavy hoe, "Marina izany"—Mpand.] Marina izany. Mino ve ianao? ["Eny"] Ianao dia avy any amin'ny toerana iray antsoina hoe Sunnyvale. ["Marina izany"] Rtoa. White. ["Eny"] Mandehana mody, mifaly, ary aoka ho salama. Eny àry.

245 Manàna finoana an'Andriamanitra, minoa fotsiny ankehitriny, ny olona rehetra. Avia ankehitriny ary aoka . . . Mino ve ianareo? Mivavaka ve ny olona rehetra? Oh, manohiza fotsiny eo anatrehan'Andriamanitra, mivavaka!

Avia, rahalahy. Amin'ny Anaran'i Jesosy, aoka ho salama.

246 Avia, ranabavy malala. Avia, mino amin'izay rehetra ao anatinao. O Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy, sitrano ny anabaviko. Amena.

247 Avia, ranabavy malala, minoa fotsiny an'izay ataon'Andriamanitra, Ny Fanatrehany. Mandalo eo ambanin'ny hazo fijaliana ianao ankehitriny. Amin'ny Anaran'i Jesosy, enga anie izy ho sitrana.

248 Avia, ranabavy, mandalo eo ambanin'ny hazo fijaliana, mino amin'ny fonao rehetra. Hiala ilay aretin-damosina, ka afaka mandeha mody ianao ary ho salama. Eny àry. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy!

249 Avia, ranabavy malala. O Tompo, mivavaka aho, raha mandalo izy, mba Hanasitrananao azy. Amena.

250 Avia, ranabavy. Minoa ankehitriny. Ry mpitoriteny, mivavaha. Ny olona rehetra mivavaha. Avia. Amin'ny Anaran'i Jesosy, enga anie izy ho sitrana. Amena.

251 Avia ankehitriny, minoa amin'ny fonao rehetra. Anabavy mampalahelo, tena marary izy. Mino ve ianao fa fantatr'Andriamanitra izay tsy mety aminao? Mino ve ianao fa

afaka miteny amiko Izy? Noho izany dia mitsahatra ilay aretim-behivavy. Mandehana mody ary aoka ho salama.

252 Avia, mino. Eny àry, ranabavy malala, avia. Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Mihevitra ve ianao fa sitrana vao teo rehefa nivavaka ho an'ireo izay tratry ny aretim-po tetsy isika? Mino ve ianao? Manohiza avy hatrany, aoka ho salama, ary minoa an'izany amin'ny fonao rehetra.

253 Ndao isika hanao hoe, "Deraina ny Tompo," ny olona rehetra. Manàna finoana an'Andriamanitra.

254 Avia, ry rahalahiko. Amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, enga anie izy ho salama. Amena.

255 Tsy mahafinaritra ve izany? Tsy mahafinaritra ve Izy? Tsy mahagaga Izy raha nantsoina hoe "Mpanolo-tsaina, Andrian'ny Fiadanana, Andriamanitra Mahery, Ray Mandrakizay"!

256 Mivavaha ho an'ireo malalanareo. Mivavaha fotsiny (tsy ho an'ny tenanareo) ho an'ireo malalanareo vetivety fotsiny. Mivavaha ho an'ny olona iray.

257 Ramatoa, mino ve ianao? Mino ve ianao fa Andriamanitra dia afaka miteny amiko hoe ho an'ny inona no itsangananao eo? Hitako fa ianao dia manana ny . . . Oh, isan'ireo mpiasa ve ianao? Tsy mahafantatra anao aho. Izaho -ataoko fa tsy mbola nahita anao mihitsy aho raha tsy tao amin'ny mpanatrika. Marina ve izany? Noho izany dia ny mpanatrika no hahafantatra. Marina izany. Mino ve ianao fa Kristy dia afaka manambara amiko hoe inona ny olanao? [Hoy ilay ramatoa hoe, "Amena"—Mpand.] Ary raha manao Izy, amin'izay fotoana izay . . . Eny, satria mitondra an'io taratasy famantarana io izy, dia mety misy olona iray ato ka hanao hoe, "Eny, azo antoka, fa mpiasa iray izy, fantany izy." Tsy mbola nihaona taminao mihitsy aho teo amin'ny fiainako, tsy mahafantatra na inona na inona aho. Fa raha teneniko aminao hoe aiza ny olanao, ary zavatra iray, dia fantatrao fa tsy maintsy ho zavatra iray ankoatrako no manao an'izany. Marina ve izany? ["Marina izany"] Tsy eto ho an'ny tenanao ianao. ["Tsia"] Eto ianao ho an'ny zanakao lahy. Marina izany. Ary manana zavatra tsy mety izy ao amin'ny hozany. Karazana fahalòvan'ny hozatra ilay izy. Izany no nahatonga azy ho tafiditra tao amin'ny toerana iray, lasa balana ny masony, sy ny sisa, tena mikorontan-tsaina. Ny anarany dia Donald. ["Eny!"] Mandehana mody, ary minoa, aoka izy ho salama. Ento iny mosara iny . . . ? . . .

258 Manàna finoana an'Andriamanitra. Aza misalasala. Ho avy ve ianao, ranabavy. Avia, mino. Ankehitriny dia ndao isika hivavaka, ny olona rehetra aoka ho ao amin'ny vavaka. Avia, ranabavy. Andriamanitra, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie ho sitrana ny anabaviko.

259 Avia ankehitriny, ranabavy malala. Marina izany, mandalova. O Tompo, raha mandalo eo ambanin'ny hazo fijalian'i Kristy izy, dia enga anie hikasika ny vatany ilay Rà.

260 Avia, ranabavy malalako, minoa ho an'ilay ankizy kely. Ary, Tompo, raha mandalo eo ambanin'ny hazo fijaliana izy ireo, dia mametraka ny tànako eo amin'izy ireo aho ka mangataka ny fahasitranan'izy ireo, amin'ny Anaran'i Jesosy.

261 Avia, ry rahalahiko, mandalova eo ambanin'ny hazo fijaliana, mino amin'ny fonao rehetra. Afaka mahazo an'izay angatahanao ianao. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie izy ho sitrana. Amena.

262 Avia, rahalahy, mitovy, mandehana avy hatrany eo ambanin'ny hazo fijaliana, mino. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ekeo izany. Marina izany.

263 Avia, ranabaviko. Manàna finoana an'Andriamanitra. Aza misalasala. Minoa. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mangataka aho mba ho ekena ny fangatahany. Amena.

264 Mivavaha, ry rahalahy. Ny tsirairay avy mivavaha, hatraiza hatraiza. Eny àry. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie ho salama ny anabaviko.

265 Avia, ranabavy. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie izy ho salama. Amena. Avia, na iza na iza no mivavaka, lehilahy iray etsy, manohiza mivavaka.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie izy ho sitrana. Manàna finoana an'Andriamanitra.

Avia, ranabavy. Minoa ankehitriny, amin'ny fonao rehetra. Amin'ny Anaran'i Jesosy, enga anie ianao ho salama.

Avia, ry rahalahiko. Mino ve ianao? Lehilahy goavana be, matanjaka, kanefa, miaraka amin'ny aretim-bavony. Minoa amin'ny fonao rehetra, ka mandehana mody, aoka ho salama amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Eny àry, tompoko.

Mino ve ianao, ranabavy kely? Eny àry, manatòna ahy eto. Amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy enga anie ho ekena ny fangatahany.

Minoa, ry rahalahiko, amin'izay rehetra ao anatinao. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie ho ekena ny fangatahanao. Aza misalasala; mandehana, afaka mahita ianao . . . ? . . . Avia.

Andriamanitra hitahy anao. Misaotra anao tompoko . . . ? . . . Mety tsara daholo ilay izy, sa tsy izany?

Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Andriamanitra hitahy anao, ry lehilahy tanora. Amin'ny Anaran'i Jesosy enga anie ianao ho salama.

Avia, ranabavy. Ity ve no faran'ireo karatra fangataham-bavaka? Voazara ve ny karatra fangataham-bavaka rehetra? Manao ahoana ianao? Mino ahy ho Mpanompony ve ianao? Mino ianao. Mino ve ianao arak'izany fa afaka miteny amiko ny rehetra mikasika ny olanao rehetra Izy? Eny àry. Ankehitriny,

mino aho fa vao avy nilaza tamiko ianao fa vao avy nivoaka ny hopitaly. Ny iray amin'ireo zavatra izay tsy mety aminao, ianao dia manana valahana kilemaina, olana ao amin'ny valahanao. Fa ny fahatsapanao tany amin'ny hopitaly dia ho an'ny fandidiana aretim-behivavy iray; tsy mbola nanasitrana foana izany. Marina izany, sa tsy izany? Ary ny anaranao dia Rtoa. Potts. Mandehana mody ary aoka ho salama ankehitriny . . .?. . .

266 Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Manàna finoana. Io lehilahy mipetraka ery aoriana ery io no anankiray izay tohizako jerena. Mivavaka izy . . . Manao lobaka fotsy izy, misokatra eo amin'ny vozon'akanjo, mivavaka ho an'ny sakaizany mipetraka eo akaikiny eo miaraka amin'ny aretina ara-tsaina. Mino ve ianao, tompoko? Mitsangàna ka ekeo izany. Apetraho eo amin'ny sakaizanao eo ny tànanao. Eo ianao izao. Andriamanitra hitahy anao. Mandehana mody ary aoka ho salama, anaka. Jesosy Kristy no manao anao ho salama. Haleloia. Nivavaka ho an'ny sakaizany izy. Izany no manao an'ilay izy. Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra no manao an'ireo zavatra ireo, manao anao ho salama. Mino an'izany ve ianao?

Indro misy vehivavy iray mipetraka eto mihitsy miaraka amin'ny zavatra kely iray fotsy manodidina ny lohany, mipetraka eo akaikin'ny zazavavy iray mihitsy izay manana zavatra iray miloko manga eo amin'ny volony. Mivavaka ho an'ny vadiny ilay vehivavy. Marina izany. Efa tratry ny homamiadana izy, ary matahotra ianao hoe hiverina eo aminy indray izany. Marina izany, sa tsy izany? Eny àry. Mino ve ianao? Mitsangàna àry, ekeo Izany. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie hiala aminy izany.

267 Mivavaha ho an'ny olona iray. Mivavaha ho an'ny sakaiza iray. Mivavaha ho an'ny olona iray. Indro, ery amin'ny farany aoriana ery, mahita lehilahy iray aho mipetraka aorian'ity vehivavy eto ity, tena ery amin'ny farany, mipetraka, ilay faharoa mipetraka eo, mivavaka ho an'ny vadiny izy. Tratry ny fahavoazan'ny fikorontanan-tsaina izy. Mino ve ianao, tompoko? Eny àry, mitsangàna ka ekeo ny fanasitranana, ary minoa amin'ny fonao rehetra. Mandehana mody dia hahita azy salama. Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahy malalako. Minoa amin'izay rehetra ao anatinao.

Misy olon-kafa hino ve? Manàna finoana an'Andriamanitra. Indro, zazavavy antitra kely iray nanangana ny tànany eto mihitsy. Io ilay Hazavana mihantona eo amboniny. Oh, izy dia ny . . . Izy dia kely iray . . . Misy roa amin'izy ireo. Nanangana ny tànany ilay ramatoa kely. Ilay ramatoa kely mipetraka eo akaikiny, toy ny hoe mihantona eo ambonin'ilay ramatoa kely manao akanjo miloko manga ilay Hazavana. Mivavaka ho an'ny olona iray ianao: zanaky ny iray tam-po, tratry ny aretim-po, mikorontan-tsaina. Marina izany, sa tsy izany? Tsy eto izy. Any Los Angeles izy. Ny rahavavinao izany, izany ny antony

maha-tena fifandraisana akaiky an'ilay izy. Mivavaka ihany koa izy, saingy ho an'ny sakaiza iray izany. Mivavaka ho an'ny fiovam-pon'io sakaiza io izy. Katolika iray io sakaiza io, ary mivavaka ho azy izy. Marina izany. Mpirahavavy ianareo roa. Raha marina izany, dia mitsangàna. Andriamanitra hitahy anao. Tsy mahafantatra anao aho, tsy mbola nahita anao mihitsy teo amin'ny fiainako. Misy zavatra hafahafa mikasika anao. Na ianao efa tany ho any, na—na mahafantatra olona iray avy tany ho any izay efa nisy ahy. Mahita toerana iray toa hafahafa aho. Izany dia tsy—izany aza dia tsy . . . Alemaina izany. Alemandy ve ianao? Marina izany. Izany ianao. Marina tokoa izany. Eny àry, ny finoanao no nanome anao ny fangatahanao. Mandehana mody. Hahita an'izany tahaka ny ninoanao azy ianao. Haleloia.

268 Mihaika anao aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba hino an'Izany ho marina. Izaho dia mihai . . . Ahoana . . . Misy mpanota iray ve eto izay te-ho avy eto ka hitsangana alohan'ny andehanantsika lavidavitra kokoa amin'ilay laharambavaka? Ry sakaiza mpanota, ianareo izay niverin-dàlana, tehahafantatra ny Tompo Jesosy ho Mpamonjinareo manokana ve ianareo? Avia eto iray minitra fotsiny raha mbola mitendry antso eny amin'ny alitara kely iray mahafinaritra ho antsika ny orga. Avia eto. Ny Fanahy Masina dia mahafantatra hoe iza ianareo. Raha mila an'i Kristy ao amin'ny fiainanareo ianareo izao ankehitriny izao, dia hidina ve ianareo amin'izao fotoana izao mihitsy ka hitsangana eto amin'ny alitara? Mety ho ity no fotoana farany izay mety hany hivavahako miaraka aminareo eo amin'ny androm-piainantsika rehetra. Ity no fanararaotranareo. Andriamanitra hitahy anao, ry sakaiza tanora.

Ho avy ve ianareo? Olon-kafa? Tonga eto ity lehilahy ity. Olon-kafa? Avia eto avy hatrany ao ambadik'ilay lamban'efitra eto, ka manatòna avy hatrany eo amin'ny alitara ankehitriny, raha miandry vetivety isika. Hiandry isika. Avia eto avy hatrany, tompoko, ary mitsangàna eto mihitsy.

Misy olon-kafa iray ve te-ho avy hitsangana eo akaikiny? Mivoaha. Manatòna avy hatrany ankehitriny ka mitsangàna eto, mba ahafahanay mivavaka ho anareo. Ho faly aho. Ho tena faly aho ny hivavaka miaraka aminareo. Avia fotsiny. Izany ihany no angatahanay mba hataonareo.

Andriamanitra hitahy anao, tompoko, mitsangàna eto mihitsy. Misy iray hafa ve?

269 Misy loharano iray feno Rà nosintonina avy tamin'ny làlandràn'Imanoela, rehefa mitsoboka ao ambanin'ilay riaka ny mpanota dia very ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra. Ao amin'ny Tontolony ve Andriamanitra? Andriamanitra ve ao amin'Ny Teniny? Andriamanitra ve ao amin'Ny Zanany? Ankehitriny, dia ao amin'ny Olony ve Andriamanitra? Eny, eto

mihitsy Andriamanitra arak'izany. Te-hiditra ao anatinareo Izy. Tsy ho avy ve ianareo?

Misy loharano iray feno rà,
Nosintonina . . .?. . .

Dia very ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra.

Ho avy ve ianareo izao ankehitriny izao, ianareo izay mila an'i Kristy? Tsy ahoanay izay fiangonana ikambananareo, na izay anankiray andehananareo, na ny anankiray izay handehananareo. Avia. Marina izany. Manatòna avy hatrany manodidina ny alitara ankehitriny. Ianareo izay tsy manana ny Fanahy Masina, te-ho avy ve ianareo? Avia avy hatrany ankehitriny raha mbola mihira isika. Avia.

Ary mitsoboka ao ambanin'ilay riaka ny mpanota,
Dia very ny rehetra . . .

Andriamanitra hitahy anao, malalan'ny fo. Manana Sarah kely iray aho any an-trano saiky mitovy taona aminao. Hitanao ve izao, ry mama?

Dia very ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra.

Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Resy lahatra ve ianao fa ao amin'ny Olony Kristy? Mandrosoa ankehitriny, sa tsy izany? Manatòna avy hatrany. Avia eto amin'ity làlana ity.

Ary mitsoboka ao ambanin'ilay riaka ny mpanota,
Dia very ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra.
Ilay mpangalatra maty nifaly mba hahita
An'ilay loharano tamin'ny androny; (Kristy dia natolotra ho anareo, ry sakaiza. Ho avy ve ianareo ka handray Azy?)
. . .aho no tokony, na dia (Andriamanitra hitahy anao. Tsara izany. Mandehana avy hatrany . . .)
Hanasa an'ireo otako rehetra.
Hanasa an'ireo otako rehetra,
Hanasa an'ireo otako rehetra;
Ary eo aho no tokony, na dia ratsy aza izy,
Hanasa an'ireo otako rehetra.

270 Noho izany dia hahazo antoka aho fa tsy hisy tànana misy rà amin'ny andron'ny fitsarana hihevaheva eo amiko ka hanao hoe, "Tokony nanohy elaela kely ianao," mangataka aho ary manasa ny olona rehetra izay tsy manana an'i Kristy, tsy manana fanantenana, tsy manana ny Fanahy Masina, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, manasa anareo ho eto amin'ity alitara ity aho. Avia ka raiso Izy ankehitriny. Fa raha tsy manao ianareo, amin'izay fotoana izay dia tsy ho tompon'andraikitra aho amin'ny andron'ny fitsarana. Karakarao izany ankehitriny, raha mbola eo afovoantsika Kristy. Mahalala tsara an'izany isika.

Andriamanitra dia ao amin'ny Tontolony. Mahita Azy any ianareo. Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny. Mahita Azy eto

ianareo. Andriamanitra dia ao amin'Ny Zanany. Mahita Azy eo amin'ny hazo fijaliana ianareo. Andriamanitra dia ao amin'ny Olony. Mahita an'Izany ianareo eto mihetsika, miasa, eto Izany.

Ankehitriny, ndao isika ho avy raha mbola mihira indray mandeha indray isika hoe, "Misy Loharano iray feno Rà." Tsy ho avy ve ianareo?

> Misy loharano iray feno Rà, (Ity ilay loharano. Eto amin'ny hazo fijaliana. Tsy ho avy ve ianareo?)
> . . . làlan-dràn'Imanoela,
> Ary mitsoboka ao ambanin'io riaka io ny mpanota,
> Dia very ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra.
> (Andriamanitra hitahy anao.)
> . . . ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra,
> Dia very ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra;
> Ary mitsoboka ao ambanin'io riaka io ny mpanota,
> Dia very ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra.

271 Manohiza tonga fotsiny. Marina izany. Manohiza manatona. Hanohy hiandry isika. Manana fotoana betsaka isika hiandrasana an'ireo olona manenina hanatona ny alitara. Avia avy hatrany. Faly izahay, sambatra, mankasitraka an'Andriamanitra fa ho avy ianareo. Manatòna avy hatrany ankehitriny ao amin'ny Fanatrehan'ny Fanahy Masina, Izy Izay manatrika mandrakariva, faratampon'ny hery, tsi-manampetra. Hanatona Azy ve ianareo ankehitriny raha mbola mikoriana ampy hamonjy ny rehetra ny Fahasoavany, mba hanome anareo ny zavatra rehetra izay ilainareo. Eto Izy hanome anareo ny Fanahy Masina, hamonjy ny ainareo, hanasitrana anareo amin'ny aretina rehetra, hanao ny zavatra rehetra izay irianareo ho anareo. Ny Tompo hitahy.

272 Ankehitriny, raha mbola mivavaka ny mpanatrika, moramora, dia hiresaka amin'ireo izay eto aho. Ry sakaiza, nisy Zavatra niteny taminareo mba hanatona an'ity alitara ity. Izany dia ilay Anankiray ihany izay mahafantatra ny fonareo, ilay Anankiray ihany izay miresaka eto, ny Fanahy Masina, Andriamanitra. Andriamanitra no Fanahy Masina ao amin'ny Olony, mampihavana an'izao tontolo izao amin'ny Tenany.

Ankehitriny, tonga Izy mba hampihavana anareo amin'ny Tenany. Sambatra ianareo. Sambatra ireo maso izay misokatra mba hahita ny Fanjakan'Andriamanitra. Efa nisy an'arivony maro tamin'ny havanareo talohanareo, an-jatony sy an-jatony tamin'ireo raibenareo, izay naniry fatratra hahita an'ireto andro ireto. Olona malaza maro talohantsika, olona malaza maro talohanareo no naniry fatratra mba hahita ny fotoana izay hahatongavan'ny Fanahy Masina ao anatin'ny fiangonana ka hanao an'izay hitanareo vita tamin'ity tolakandro ity. Maty tao amin'ny finoana izy ireo, nino fa indray andro any dia hahita an'izany ireo zanany.

Ankehitriny, ianareo no nahita an'izany tamin'ity tolakandro ity. Nandre ny Teny ianareo. Fantatrareo fa Izany no fahamarinana. Ary Andriamanitra no nanokatra ny masonareo; ny vavak'izy ireo.

273 Indro ireo zazavavy kely mitsangana eto, reny iray mitsangana, mihazona zazavavy kely anankiroa. Manatona ireo zavatra kely, mitomany. Manontany aho raha ny ankizy iray, ireo ankizy, no tsy manameloka ny olon-dehibe indraindray, avy amin'ny fo kelin'izy ireo malefaka. Tsy nandalo tamin'ny karazana fahadisoam-panantenana rehetra an'izao tontolo izao sy ny sisa izy ireo. Malefaka sy mora fanahy izany. Mandinika an'ireto zazavavy kely anankiroa ireto mamihina an'ilay ramatoa aho, toy ny hoe miandry zavatra hitranga mihitsy izy ireo. Azo antoka, miresaka amin'ireo Ankizy keliny Andriamanitra. Ny Baiboly no niteny an'izany. "Avelao ireo ankizy kely hanatona Ahy. Aza raràna izy ireo."

Mahita reny kely iray aho eto mihazona ny zazakeliny, zaza kely mamy iray, mihazona an'izany eo an-tsandriny. Tonga eto izy ankehitriny mba hihavana amin'i Kristy. Ankehitriny, sambatra ianareo. "Tsy misy olona afaka manatona Ahy . . . "

Lehilahy tanora iray mihazona vady tanora, heveriko, mitsangana eo mihazona azy. Mitomany izy. Manondrika ny lohany am-panajana izy. Fantatrareo ve fa izany no asan'ny Fanahy Masina? Ireo hafa, zazavavy kely manana maso volontany mijery ahy eo amin'ny fito na valo taona eo, maso kely volontany ary volo volontany, manjelatra tanteraka ny tarehy keliny. Miandry zavatra izy. Mety ho Espanöla izy.

274 Mahita vehivavy tanora iray maha-te-ho tia aho, eo amin'ireo fihaonan-dàlan'ny fiainana mihitsy miaraka amin'ny lohany miondrika am-panajana, ny sandriny miforitra. Mahita an'ireo hafa aho, volo fotsy, miondrika ny lohan'izy ireo. Fotoana masina iray izao.

Tsarovy, ry sakaiza, tsy manatona fotsiny eto mihitsy isika mba ho tonga fotsiny. Tonga isika satria Andriamanitra no niantso anareo. Ianareo no amboaran'ity fivoriana ity izao tolakandro izao. Am-pahatsorana, dia ianareo no amboaran'ny fahasoavan'i Jesosy Kristy, ka Izy no niantso anareo mba hihavana sy ho tonga mba handray Azy izao tolakandro izao. Homba anareo anie Andriamanitra.

"Sambatra ireo (Hitanareo?) izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana. Izy ireo no hovokisana." Hitanareo ao anatin'ireo Fahasambarana izany. Jesosy no niteny an'izany.

Ireo lehilahy tanora mitsangana eto, lehilahy tanora fotsiny, angamba valo ambin'ny folo, roapolo taona, angamba mpitory teny amin'ny ho avy, ahoana no ahafantarako? Angamba avy eo no handeha ny misionera iray izay handrehitra an'izao tontolo izao. Angamba avy amin'ireo lehilahy tanora ireo no ho tonga

ireo fanomezam-pahasoavana izay handefa fanahy an'arivony ho an'i Kristy, ary ianareo no nanatrika an'ilay andro izay nanatonan'izy ireo ny alitara. Fotoana iray mahafinaritra toy ny inona.

275 Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny, raha manolotra vavaka aho. "Tsy misy olona mahay manatona Ahy," hoy Jesosy, "raha tsy Ny Raiko no mitarika azy aloha. Ary izay rehetra manatona Ahy, dia tsy ho Laviko mihitsy. Mankanesa aty Amiko ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana. Izaho hanome anareo fitsaharana."

Tompo, indro izy ireo. Tonga izy ireo satria Ianao no nanasa azy ireo ho tonga. Nihetsika ny Fanahy Masina tao am-pon'izy ireo ka niantso azy ireo, ary tonga izy ireo. Indro izy ireo mitsangana eo amin'ny alitara, manenina, ny loha miondrika, miandry ny ho fenoina Ny Fanahinao an'Ny—Ny fahatsaram-panahinao. Fenoy izy ireo, Tompo. Amasino ny fiainan'izy ireo. Iraho hankany amin'ny saham-bokatra izy ireo, ireto olona izay miandry eto ireto. Mety any an-trano fotsiny izany. Mety any am-pitan-dranomasina izany. Mety any ho any izany, saingy misy vokatra iray izay vonona hojinjaina.

Tompo, mivavaka aho mba Hanamasinanao ny fanahin'izy ireo, sy hameno azy ireo ny Fanahy, hany ka ho fanaka Voafidinao izy ireo: angamba ilay mpikarakara tokantrano kely hijinja an'ireo mpiara-monina, angamba ilay ankizy kely hiresaka an'i Jesosy amin'ny zazavavy kely iray any an-tsekoly, angamba ireo lehilahy tanora hitondra ny Filazantsara any Mexico, firenena vahiny hafa iray any ho any. Ekeo izany, Tompo. Ilay azon-taona hiresaka eny amin'ny zoron'ny làlambe amin'ny namany, angamba any an-kafa any ho any: ilay lehilahy mpiasa amin'ny sefony, na amin'ireo izay ao amin'ny orinasa . . . Ianao no mahafantatra, Tompo. Mivavaka aho mba Hamenoanao azy ireo izao ankehitriny izao, amin'ny Fahatsaram-panahinao sy ny famindramponao.

Tonga izy ireo; fantatro fa nandray azy ireo Ianao, satria hoy Ianao hoe, "Izay manatona Ahy, dia tsy ho Laviko mihitsy. Izay hanaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia Izaho no hanaiky azy eo anatrehan'Ny Raiko, sy ireo Anjely masina." Noho izany, dia mitsangana ampahibemaso eto izy ireo mba hanao fiaikena iray hoe: diso izy ireo. Te-ho tsara izy ireo. Raiso izy ireo, Ray. Mivavaka aho mba Hitahianao azy ireo, sy hanao azy ireo ho Zanakao manomboka amin'ity ora ity, amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

276 Andriamanitra hitahy anareo, ny tsirairay avy aminareo. Raiso ny Fanahy Masina. Ankehitriny, midira avy hatrany ao amin'ilay efitra izay ahafahanay mihaona aminareo ato aoriana ato, ka hametra-tànana eo amin'ny tsirairay avy aminareo, mba hivavaka. Ato aoriana ato mihitsy, mandehana ao aoriana

ao avy hatrany. Misy efitra voaomana iray ato aoriana ato, izay hisy anareo afaka fotoana fohy ao aoriana ao ho an'ny—ny famenoana feno. Mandohaleha; misaora an'Andriamanitra nohon'ny famonjena anareo. Aoka hametrahan-tànana ao aoriana ao ho an'izay ilainareo, sy ho an'ny Fanahy Masina. Andriamanitra hitahy anareo. Hotahiana anie ity reny kely ity, izy rehetra izay mandeha mitondra an'ireo zaza keliny, ary ilay dada izay misafosafo ny volon'ny zaza keliny, mahafantatra fa izy koa dia mahafantatra fa indray andro any dia afaka hiteny amin'ny zazakeliny izy, hoe nipetraka tao amin'io fivoriana izay nanatonan'izy ireo ny Tompo Jesosy io izahay. (*Ao Amin'Ilay Mamy Rahatrizay*.)

Misy tany iray izay tsara kokoa noho ny andro,
Ka amin'ny finoana dia afaka mahita an'izany avy lavitra isika.
Ka miandry eny amin'ny faran'ny làlana ny Ray,
Mba hanamboatra toeram-ponenana iray ho antsika any.
Ao amin'ilay mamy rahatrizay,
Oh, no hihaonantsika ao amin'io moron-drano tsara tarehy io.
Ao amin'ilay mamy rahatrizay . . .

Avelao Izahay Hahita An'Andriamanitra MAG59-1129
(Let Us See God)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady tolakandro, 29 Novambra, 1959, tao amin'ny Santa Clara County Fairgrounds ao San Jose, California, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2020 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org